ITAOSY 4

# MPITONDRA TAXI-MÔTÔ MATY NOVONOIN'NY "CLIENT" NENTINY

MARINA IZANY ! 6

## FIDIOVANA SY FAHADIOVANA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7818 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 11 martsa 2024


LALAO AFRIKANINA 2024 10

## EFA NAN-DROMBAKA MEDALY 7 I MADA-GASIKARA



ZANAK'ISANDRA 6



## TSY MANAIKY NY FIZARA-ZARANA FA HANAMAFY NY FIRAISANKINA

TAOMBAOVAO MALAGASY 2

## HANANA NY MAMPI-AVAKA AZY NY ENY AMBOHIDRATRIMO ANIO



VOVONANA FIRAISANKINA 6

# MITAKY NY HAMOAHANA NY DIDIM-PANJAKANA MAMARITRA NY ISAN'NY DEPIOTE HOFIDINA



OTRIKAFO-FIFIDIANANA SOLOMBAVAMBAHOAKA 6

# TSY HIARAKA AMIN'NY FITONDRANA SY NY MPANOHITRA FA HANANA NY KANDIDANY




Mika kely

# Nodimandry omaly, rehefa nialana nenina 1 volana sy tapany



**Mika kely no nandao fa ny kantony mitoetra holovain'ny taranaka mifandimby.**

Misaona ny tontolon'ny zavakanto. Misaona ny tontolon'ny hira indrindra ny mpitendry zavamaneno. Nodimandry omaly alahady 10 martsa 2024 teo amin'ny faha-47 taonany i Raoel Bruce Micka Angelo, fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Mika kely. Iray volana sy tapany mahery izy izay no niditra hopitaly tao amin'ny Hjra, noho ny fahatapahan'ny lalan-drà tao amin'ny lohany. Efa niatrika fandidiana izy, ary niaranitolona tamin'ny fahafatesana taminy ny vady amanjanany, ny fianakaviany ary indrindra ny fianakavimben'ny mpanakanto teto amintsika. Ny taon-dasa teo izy no nankalaza ny faha-25 taona niakarany an-tsehatra. Olon'ny fihavanana i Mika kely ka tsy nahagaga raha toa ka nihazakazaka nanolo-tanana avokoa ny mpanakanto rehetra hatramin'ny artista evanjelika, ny mpankafy , ny olon-tsotra sy ny maro hafa. Saika isan' andro no handrenesana hetsika notanterahin'ny artista maro isan-tokony hoentina hividianana ny ain'i Mika kely tsy ho lavon'ny fahafatesana. Tsy izay anefa no lahatra, fa lasana tsy tana ny ain'ity kintan'ny fitendrena gitara beso, efa nitondra avo ny lazan'i Gasikara manerana ny Firenena maro ity omaly antoandro. Nanjombona antoandro ny tontolon'ny mozika, tsy nahaloa-peo ny maro. Vetivety dia rakotra fahatsiarovana ny tambajotran-tserasera fesiboky. Sombiny amin'ireny ireto tanisainay ireto :

***Hery** : *mandria am-piadanana lesy Mikakely a ! efa niady mafy ialahy. Tsy mino aho hoe vao omaly izahay no nanao tolotanana ho an'ialahy.*

***Princio** : Zay aloha ny tety ry Mika fa dia siora a ... Malahelo e !! Tsy hisy feongitara beson'lah intsony izany ny vazontsika ...An' Andriamanitra ny aina ...

***Samoela** : Tena ontsa ny fo…Mandria am-piadanana Mika kely. Hotsaroanay lalandava ny fiarahana ary hotohizanay hatrany ny revintsika… Soava dia ianao !

***Melo Kex** : Avereno izy e ! Mbola tsy tokony ho anjaranao izao dada a ! Veloma dada tsy foiko malalako tena Tiako loatra ianao dada a !

***Titan Randriamasindrazana** : Ndriiii ! Mikakely a ! Tena tankina lesy Mika kosa lesy ! Olona faran'izay tsotra ary anisan'ny bassiste nankafiziko loatra raha ny fitendriny. Misaotra zoky tamin' ireo anatra sy fiarahana nahafinaritra be hatramin'izay a ! Mino aho fa efa sambatra zoky any ankoatra any ! Feno loatra ny fo fa dia ity nisy video kely tamin' izany tsy mba hadinoko mihitsy fa dia tena hoe finaritra loatra niaraka nanao mozika. Mandria am-piadanana Mika a ! Tsy ho hadino raha ny kanto napetrakao !

***Fabrijazz batteur** : Mandria am-piadanana zoky Mika Kely ! Bassite anisan' ny ankafiziko ary isaky ny manoro lalana bandy kely izaho tsy maintsy miteny hoe mila mihaino hira nataon'i Mikakely ialahy, hoy aho ! Mandria am-piadanana Zoky !

***Keddy Harintsoa** : Nihena iray ny mpitendry dia nitombo iray ny kintana ! Mandria am-piadanana Mika kely

**Nangonin'i Fy**



Tempo Gaigy

# Nafana ny fiarahana tamin'ny mpankafy tetsy Antaninarenina

Tetsy amin'ny Le Pavé etsy Antaninarenina no nifamotoana tamin'ny mpankafy azy ny tarika Tempo Gaigy ny asabotsy hariva teo. Hira tsy latsaky ny 20 no ntaolotr' izy ireo ny mpankafy tonga maro, ka saika niarahana nikalo daholo ireo hira rehetra tamin'ity fampisehoana ity. Santionany tamin' izany ry "Mila anao Foana", "Revy sy Ditra", "nofy tsy tanteraka", Ramose Tatanta". Miha tanora ihany koa ny mpankafy amn'izao fotoana izao. Mbola eo ihany koa anefa ireo mpankafy hatramin'izay ary misy ankizy kely mihitsy aza, saingy ny tena nahatalanjona dia hain' izy ireo tsianjery ny hiran' ny Tempo Gaigy. Nalaina nisaraka ny andaniny sy ny ankilany saingy voatery tsy maintsy nisaraka noho ny fotoana voafetra. Nanome toky ny Tarika Tempo Gaigy fa amin'ny sehatra goavana indray no hihaonana amin' ny mpankafy amin'ny manaraka.



**Amin'ny sehatra goavana indray no hihaonana amin'ny mpankafy amin'ny fotoana manaraka.**

Ny La Mozika moa no nikarakara ny fampisehoana ary hita ho efa manana traikefa ry zareo na dia vao haingana aza no nisiany. Nambaran'i Mamisoa Rakoto fa efa maro ny fampisheoana sy ny hetsika nokarakaraina ka miroso makany amin'ny tsara hatrany ny La Mozika". Nanomboka tamin'ny taona 2015 no efa naka traikefa teo amin'ny tontolon'ny fikarakarana lanonana sy ny manodidina azy i Mamisoa ary efa tafapetraka tsara izy ankehitriny ary azo lazaina fa matihanina tanteraka mihitsy, ka porofon'izany ny fananan'izy ireo zavamaneno raitra sy manaraka ny toe-trandro sy ny fanamafisam-peo miaraka aminy. Tsy latsaky ny 15 ny ekipan' ny La Mozika amin'izao fotoana izao ary samy manana ny fahaizany amin' ny traikefa ananany izy ireo eo amin'izay fikarakarana sy fanafanana lanonana izay.

**Tiaray R**

Taombaovao Malagasy

# Hanana ny mampiavaka azy ny eny Ambohidratrimo anio



Faritra maro eto Madagasikara no hankalaza ny Taombaovao Malagasy anio. Ho an'ny eto Antananarivo dia betsaka ihany koa ny toerana hankalazana izany, saingy hanana ny mampiavaka azy ny eny amin'ny vohitra masina Ambohidratrimo, izay nokarakarain'ny fikambanana MA.I.HA. Omaly nanomboka tamin'ny 3 ora tolakandro ny fizarana ny afo tsy maty, nitohy tamin'ny hetsika ara-kolontsaina maro loko nandraisan'ireo mpanakanto maro anjara izany. Anisan'ny nampiavaka azy kosa ny afon-dasy nataon'ny skoto eny an-toerana notronon'ireo kaomina manodidina. Niara-paly sy nitotorebika ny rehetra teo ampiandrasana ny taona vaovao. Araka ny tatitra voaray dia nisy ihany koa ny fitetezana tanàna nizarana ny afo tsy maty notanterahin'ny MA.I.HA. Ho an'ny anio dia amin'ny 6 ora sy sasany maraina ny fizarana ny vary amin-dronona tondrahan-tantely arahin'ny tso-drano marolafy. Manomboka amin'ny 9 ora maraina ny fisokafan'ny velatseho ary hikatona amin'ny 5 ora hariva, fa mbola hitohy ny talaata andro famaranana ny fankalazana izany taombavao malagasy izany. Notsindiran'i Victorio Randriamihanta hatrany fa *"ny taombaovao malagasy dia fomba malagasy fa tsy finoana, mifototra amin'ny fidiovana, afo tsy maty, tso-drano ary ny santatra. Ny hevitra ny fidiovana dia fotoana nanalana ny ratsy rehetra, fifamelana, fivalozana, fanalana ny maloto, ny mikasika ny afo tsy maty indray dia fanohizana ny hazavana sy ny hafanana avy amin'ny taona lasa makany amin'ny taona vaovao. Ny tso-drano indray dia fomba atao mba hahatanteraka izay faniriana ao anaty. Ny santatra dia amin'ny alalann'ny vary, ronono, tantely izay natao ho firariana ny fitohizam-pahavelomana."*

**Fanokafana tamin'ny fomba ofisialy**

Efa nanomboka ny asabotsy teo ny fankalazana ny taombaovao malagasy teny Ambohidratrimo ka velatseho sy fampirantiana mikasika ny tantara sy ny fomba amampanao ary ny kolontsaina malagasy no nanambohana izany. Tonga nanokatra izany tamin'ny fomba ofisialy tao amin'ny tranompokolona Ambohidratrimo ny Printsesy Fenosoa Landivola Ratsimamanga, solontenan'ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina, sady Filohan'ny Komitin'ny Mpanjaka manerana ny Nosy. Teo ihany koa ny Mpanjaka Antemoro Anakara avy any Vohipeno, Fitohasina Joseph Razafimamonjy. Nanome voninahitra ny lanonana ny Depote Rakotoarisoa Johnny, Mamy Rabenirina, ny ben'ny tanànan'Ambohidratrimo Raherimanantsoa Feno, ny filoham-boninahitry ny MA.I.HA.

Maro amin'ny mpianatra sy ny mpiasa moa no nilaza fa hankalaza ny taombaovao malagasy anio. Hanao fitafiana manamarika ny maha malagasy izy ireo anio, ary sekoly sy toeram-piasana maro no hanatanteraka izany.

**Nangonin'i Tiaray R**



**Tonga nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny taombavao malagasy natao teny Ambohidratrimo ny Printsesy Fenosoa Landivola Ratsimamanga, ny Mpanjaka Antemoro Anakara avy any Vohipeno, Fitohasina Joseph.**

Miss monde 2023

# Lasan'ny Miss Tchèque ny amboara, tafiditra top 40 i Ny Antsaly



Krystyna Pyszkovà. Andriambavilanitry ny hatsarana avy any amin'ny Repoblika Tchèque no voafidy hisalotra ny anaramboninahitra "Miss Monde 2023". Voalaza fa lasibika izy io no lany « miss Tchèque » tamin'ny 2022 ary izao lany "miss monde 2023" tany Mumbaï Inde tamin'ny alin'ny sabotsy 9 martsa teo. Teraka tamin'ny 19 janoary 1999 i Krystyna Pyszkova ary mirefy 1,81m. Yasmina Zaytoun, "miss Libanaise"no faharoa ary Miss Botswana Lesego Chombo kosa ny laharana fahatelo. I Krystina Pyszkovà izany no nandimby an'ilay Miss Polonaise Karonina Bielawska. Raha ny fahitana azy, dia misy itovizana be izy mirahavavy ireo. Ka lasa resabe any amin'ny tambajotrantserasera any.

Tsy hidirantsika lalina ny amin'izay, fa aiza ho aiza ny solontenantsika malagasy ? Raha ny vokatra hatramin'izay ka hatramin'izao. Tsy mampitsanga-menatra ny vokatra nentin'i Ny Antsa Rajoelina, satria tsara toerana hatrany izy. Ary nandritra ny famaranana ny sabotsy teo dia tafiditra ao anatin'ny "top 40", na ireo andrimbavilanitra 40 mendrika indrindra manerantany i Ny Antsaly.

**Manana "fondation"**

Efa maro ny lahatsoratra nosoratanay teto mikasika an'i Ny Antsaly Rajoelina. Hatramin'ny mpampiakanjo sy ny lahateny nataony nandritra ny fandraisany anjara. Eto kosa, asiantsika resaka ny mikasika ity "miss monde" vao lany ity. Araka ny fantatra dia manomana ny fahazoany ny diploma ambony momba ny lalàna (droit) izy. Izay miaraka amin'ny fianarana momba ny "administration des affaires" ihany koa. Manana "fondation" (mpanao asa soa), izay natsangany ihany izy ary mazava ho azy fa filohan'io "fondation" io. Efa nanangana sekoly ho an'ny ankizy sahirana any Tanzanie (Afrika) ilay "fondation". Tsy vitan'izany fa mirotsaka mampianatra ao amin'izany sekoly izany mihitsy ity andriambavilanitry ny hatsarana ity. Raha dinihina dia efa lasa lavitra amin'ny fanaovana asa sosialy i Krystyna Pyszkovà, izay voafidy ho "miss monde 2023" ity.

**Fy**



Noho ny Taombaovao Malagasy

# Mikatona mandritra ny fankalazana ny Rovan'i Madagasikara

Adiny iray (maraina) ihany no nisokatra ny Rovan'i Madagasikara omaly alahady 10 martsa 2024. Tsy hisokatra mihitsy ny rova anio alatsinainy 11 martsa sy rahampitso talata 12 martsa tontolo andro. Miverina misokatra amin'ny ora mahazatra indray ny alarobia 13 martsa 2024. Io no fampitam-baovao avy amin'ny Ofisin'ny Rovan'i Madagasikara, na ny ORMADA, ary nohamafisin'ny Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Serasera tao anatin'ny pejy fesibokiny avy eo. Araka ny voalazan'io fanambarana io dia ny fankalazana ny taombaovao malagasy hotontosaina ny 10 sy ny 11 martsa no antony nandraisan'ny



**Amin'ny alarobia vao hisokatra ho an'ny rehetra ny Rovan'i Madagasikara.**

tomponandraikitra fanapahan-kevitra.

Koa ireo izay manana fanitiana hitsidika ny Rovan'i Madagasikara izany dia amin'ny alarobia 13 martsa 2024 indray manamboatra programa.

Anisan'ny dradradrain'ireo rehetra mandala ny fankalazana ny taombaovao malagasy amin'ireo daty voalaza ireo ny hametrahana ny andron'ny taombaovao ho andro tsy fiasana nefa handraisan-karamana. Nanao antso tamin'ny filoham-pirenena izy ireo tamin'ny fotoana nandaniana io daty io.

Efa nandray ohatra avy hatrany ny Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Serasera tamin'ny alalan'ny fanakatonana ny Rovan'i Madagasikara ka namela ny mpiasa ao aminy hankalaza am-pitoniana ny taombaovao malagasy. Andrasana ny fanampahan-kevitry ny mpitondra aorian'izao.

**Fy**

Fikambanana VAVEA

# Hiaro ny soatoavina sy ny fomban-drazana vezo ny birao vaovao

Miely patrana manerana an'i Madagasikara sy any ivelany ny zanaky ny foko vezo. Anisan'ny ahitana azy ireo betsaka ihany koa ny eto Antananarivo. Mivondrona anaty fikambanana atao hoe VAVEA, na ny "Vahatse Ty Vezo Aharo", izy ireo. Somary nangingina noho ny antony manokana ny fikambanana teo aloha teo. Nipoitra indray izy ireo ankehitriny ary amin'izao fotoana izao dia efa tafatsanagana ny birao vaovao, izay tarihin'ny filohany, Atoa Zipa Jean Hubert. Ny sabotsy faran'ny herinandro teo no nampahafantarina ny mpanao gazety tetsy amin'ny Espace Mon Gouter Andrefan'Ambohijanahary ireo mpikambana madrafitra ny birao vaovao sy ny antom-pisian'izy ireo ary indrindra ny tanjon'ny fikambanana. Teny filamatry ny fikambanana moa ny hoe "Soa Ty Fiharoa" izay azo adika amin'ny teny malagasy ofisialy hoe "Tsara ny fiombonana".

*Hanamafy ny firaisankina eo amin'ny samy mpikambana sy amin' ireo fikambanana vezo hafa avy any amin'ny faritany Toliara mba hahatanteraka ny teny filamatra hoe "Soa Ty Fiharoa" ny filoha Zipa Jean Hubert.*

*"Manana ny fombany sy ny kolontsaina mampiavaka azy anefa ny vezo ka anisan'ny vaidohan-draharahan'ny fikambana ny fiarovana sy fampiroboroboana ny soatovina ary ny fomban-drazan'izy ireo na dia eto Antananarivo aza no misy azy"*, hoy ny filoha, Zipa Jean Hubert. Fa ankoatra izay dia tanjon'ny fikambanana ihany koa ny fanamafisana ny maha izy azy, ny maha iray ary ny firaisa-kinan'ny samy vezo miara-monina eto Antananrivo sy ireo sendra mandalo ka mila fanampiana. Amin'ny maha fikambanana azy dia mifototra ihany koa eo amin'ny fiahiana ny lafiny sosialy eo anivon'ny samy mpikambana ny VAVEA. Miezaka ihany koa izy ireo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny sisindranomasina. Hamafisina ihany koa ny firaisankina eo amin'ireo mpikambana ao aminy sy ao amin'ireo fikambanana vezo hafa avy any amn'ny faritany Toliara. Tsy kely indrindra amin'izany ny fandraisana anjara feno fahavitrihana eo amin'ny asa sy zotom-po ho fampandrosoana an'i Madagasikara.

**Mitsinjo sy manosika ny tanora**

Mba hahatratrarana ny tanjona dia misy ny soritr'asa entina manatanteraka azy, dia hamafisina ny fikatsahana ny tombotsoan'ny rehetra, eo ihany koa ny fitadiavana sy fanomezana tolokevitra sy fampananan asa ny mpikambana, fanamafisana sy fahaiza-mitantana sy fandraharahara ary fitadiavana famatsiam-bola sy fiaraha-miasa ho an'ny mpikambana. Natao izany mba hitsinjovana ireo tanora, izay maro an'isa eo anvivon'ny fikambanana. Tanora ihany koa no maro an'isa ao anatin'ny birao vaovao ka anisan'izany ny SG Bihariso Serzhino. Fa ankoatra izay dia manana solontena ao anaty bbirao ny avy amin'ny "Zone Sud", "Zone Centre" ary ny "Zone Nord". Nomarihin' ny Filoha, Zipa Jean Hubert fa "*fikambanana tsy manao politika ary sy manao fitadiavam-bola ny VAVEA. Roa taona ny faharetan'ny fitantanan'ny mpikambana mandraiftra ny birao sy ny filohany ary aorian'izay dia manao fifidianana indray ny mpikambana"*

**Tiaray R**



**Mifotοtra amin'ny fiahiana ny lafiny sosialy eo anivon'ny samy mpikambana ny VAVEA ary manampy sy manosika ny tanora.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, kahie, TV, bisikileta, machine sns. MMA. Sarah. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 768/10-10)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 773/20-6)

* Lamba, kiraro, boky, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 774/15-5)

### VIDANGE

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 772/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 772/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 772/6-6)

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard…Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-4)

### FORMATION

* Droit de Travail : Formateur, Inspecteur de travail. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-9)

Itaosy

# Mpitondra taxi-môtô maty novonoin'ny "client" nentiny

*Tany anaty kirihitra tany Mahitsy no nahitana ny fatin'ilay mpamily.*

Tovolahy iray mpanao taxi-môtô eny Anosizato no nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana mba hakàna ilay môtô fampiasany. Tany anaty kirihitra tany Mahitsy no nahitana ny fatiny. Araka ny fanazavàna azo, dia ny alahady heriny lasa teo no nandeha nanatitra olona tany Mahitsy izy. Tsy tafaverina anefa izy ny hariva ary tsy nandeha intsony ihany koa ny findainy. Voalaza mantsy fa tsy azy ilay môtô nentiny fa fikaramany fotsiny io. Taitra anefa ny tompon'ilay môtô tamin'io fa tsy tonga nanatitra izany toy ny fanaovany isan-kariva avy miasa izy. Nampandre ny zandary teny Itaosy avy hatrany ilay mpampiasa azy sy ny fianakaviany. Nokarohina tamin' ny alalan'ny GPS ny toerana nisy ilay moto ka fantatra fa teny amin'ny "parking" eny Soavimasoandro no nisy ilay izy ny alatsinainy tokony ho tamin' ny 10 ora alina.



Ireo roa lahy nahavanon-doza !

**Eny Tsiafahy**


Rehefa nanontaniana ireo olona tao amin'ilay toerana dia nilaza fa nisy roa lahy nanatitra ilay môtô tao. Natao ny vela-pandrika ka voasambotra ny talata maraina ireo roa lahy voalaza ireo raha tonga saika hijery ilay môtô. Raha ny fanazavàna hatrany dia tetika efa maty paika mihitsy no nentina namonoana ilay tovolahy mpitondra taxi-môtô. Izy ireo ihany no nanofa ilay môtô nankany Mahitsy ary tany no namonoany ilay tovolahy, izay nodarohany tamin'ny lohany. Mbola tratra tany amin'izy ireo ny "big boss" nampiasainy. Natolotra ny Fampanoavana ny faran'ny herinandro teo moa izy roa lahy ireto ka samy nidoboka eny Tsiafahy avokoa. Efa naverina amin'ny tompony kosa ilay môtô nangalarin'izy ireo.

R.C

Ambohimangakely

# Maty voatifitry ny zandary i Mila Oroka, jiolahy raindahiny

Tsy oroka araka ny notadiaviny no azon'ity jiolahy ity fa tonga dia basy nipoaka mihitsy ka nanapitra ny ainy. Raha nentina nanoro ireo namany tao Ambohitrakanga, fokontany Ambohitrombihavana, eny Ambohimangakely, mantsy izy dia nanararaotra nikasa hitsoaka ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora sy sasany hariva. Nasaina nijanona fa tsy nety ka voatery nitifitra ny zandary ary lavo tamin'izany i Mila Oroka. Raha ny fanazavàna dia efa namoahana filazàna fikarohana ity jiolahy ity.




Efa namoahana filazàna fikarohana izy !

Vokatr'izany dia voasambotry ny zandary namita iraka teny 67Ha izy. Rehefa natao ny famotorana azy dia nanondro ireo namany izy. Nambarany fa miafika sy mipetraka eny Ambohimangakely ireo namany roa lahy ary tamin'ny fotoana nitondràna azy hisambotra ireo no nahavoatifitra azy, satria io nikasa hitsoaka io. Efa jiolahy raindahiny tokoa izy ity. Heloka maro no hanenjehana azy, toy ny famakiana tranombarotra iray tao Ambohimangakely, fangalarana kodiarana fiara miisa efatra tao Ambovokely eny Ikianja- Ambohimangakely, fanaovana sinto-mahery sy harom-paosy, fikambanan'olon-dratsy, fandrahonana ho faty mpitandro filaminana. Fantatra fa efa nigadra noho fanolanana zaza tsy ampy taona ihany koa izy. Tsy manana fonenana raikitra akory izy. Voalaza fa vao avy namaky toerampivarotana iray tao Antarandolo - Fianarantsoa ihany koa izy sy ireo namany ka finday marobe no azony tamin'izany. Mbola mitohy ny fikarohana ireo namany sy ny mpiray tsikombakomba aminy.

R.C

Mahabo

# Fiangonana nirodana noho ny rotsak'orana

Nikija ny orana tany Menabe ny herinandro teo iny. Vokatr'izany rotsak'orana be loatra izany dia nirodana ny sabotsy lasa teo ny trango fiangonana iray ao Mahabo. Nanoloana izany dia voatery tsy maintsy nitady hevitra ireo tomponandraikitra ao amin'ny fiangonana sy ny mpitandrina tamin'ny fanatanterahana ny fotoampivavahana omaly. Na teo aza izany dia nizotra ampilaminana ihany ny zavadrehetra. Tsy maintsy hatao anefa ny fanarenana haingana ity trano fiangonana ity. Fa fiangonana iray tany Andramasina ihany koa no saika may ny faran'ny herinandro teo iny. Vetivety dia niely ny feo fa may nisy nandoro ilay fiangonana. Rehefa natao anefa ny fanadihadiana dia tsy ilay fiangonana no may fa trano iray eo akaikiny, izay fanaovana lasy. Voamarina kosa fa nisy nandoro tokoa ilay izy, satria tsy misy olona mipetraka na miambina akory ao amin'ilay toerana nisian'ny fahamaizana. Vetivety ihany anefa dia tsy voafehy ny afo ka nitatra tamin'ilay fiangonana. Ilay fiangonana rahateo vao eo an-dalam-panamboarana ary mbola tsy mitafo akory. Ny olona teo amin'ny manodidina no nifanome tanana tamin'ny famonoana ny afo. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana.

R.C



Ilay fiangonana nirodana !

Ambohimalaza

# Mpifankatia misandoka ho miaramila dia misoloky



Ireo mpisoloky sy ireo fanamiana tratra !

Tsy kely lalana mihitsy ny ratsy amin'izao, indrindra fa amin'ity resaka fisolokiana ity. Lehilahy iray tokony ho roa amby efapolo taona miaraka amin'ny sipany mantsy no misandoka ho miaramila ary misoloky olona. Teo ampanaovana ny asa ratsiny indrindra izy ireo, tao anaty toeram-pisotroana iray teny Ambohimalaza, no voasambotry ny zandary ny alakamisy lasa teo. Olona niharan'ny fisolokiana nataon'izy ireo no nametraka fitoriana teny amin'ny zandary ka nahafahana nisambotra azy ireo rehefa nanaovana vela-pandrika. Maro ny olona efa voasolokin'izy ireo satria manao fanamiana miaramila foana ilay lehilahy ary ilay vehivavy kosa manao fanamiana fanaovana fanatanjahan-tena an'ny tafika. Milaza ho mahatafiditra olona hiasa ao amin'ny Primatiora izy ireo, na sivily na miaramila, ary mahavita mampiditra ho miaramila raikitra ho an'ireo nahavita fanompoam-pirenena. Milaza ho mahatafiditra mpamily sy mpitantam-bola eo anivon'ny tafika ihany koa izy ireo.

**Fanamiana marobe**

Raha ny fanazavana hatrany dia mahay mampiresaka sy mandresy lahatra tokoa ireto mpisoloky ireto ary tsy vitan'izany fa manao tsindry eny anivon'ny fiaraha-monina misy azy ihany koa amin'ny fitononana ho miaramila, satria tsy miala fanamiana mihitsy izy roa ireto. Lelavola mitentina roa tapitrisa Ariary no azon'izy ireo tamin'ny olona nisolokiany. Fanamian'ny mpitandro filaminana marobe ihany koa no tratra tao an-tranon'izy ireo nandritra ny fisavana nataon'ny zandary, toy ny fanamiana miaramila, galona miaramila, satroka miaramila, baoty, akanjo miaramila fanaovana fanatanjahan-tena, sary nasiam-panamboarana, nentiny nisoloky olona, ary antontan-taratasy maro momba ireo olona nisolokiany. Fisandohana asa sy andraikitra ary fisolokiana moa no vesatra anenjehana ireto mpifankatia ireto. Natolotra ny Fitsaràna avy hatrany izy ireo taorian'ny famotorana natao azy.

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Alakamisy - Fenoarivo

# Lehilahy hita faty tao an-tranony, efa simba ny razana

*Efa namoaka fofona ny fatiny vao taitra ny manodidina.*

Rangahy iray tokony ho dimy amby efapolo taona, mipetra-drery no hita faty tao an-tranony teny Ambohimasina, eny Alakamisy - Fenoarivo, omaly tokony ho tamin'ny 07 ora maraina. Tsy nisy nanam-po ny zava-nitranga mihitsy ny mpiaramonina taminy. Ny fofona hafahafa nivoaka tao an-trano no nanaitra ny mponina. Ny tranony anefa nihidy avy any anatiny. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana. Voatery tsy maintsy novohana ny varavarana ka inona tokoa fa ny fatiny nitsirara teo afovoan-trano no hita. Rehefa nozahana dia efa nanomboka simba ny razana. Araka izany dia tombanana ho efa andro maromaro no nahafaty azy. Raha ny fizahana nataon'ny mpitsabo dia voalaza fa hamamoana diso tafahoatra no nahafaty ity rangahy ity.

**Hafa koa**

Fa ankoatra an'io dia nahitana fatin'olona natsingevan'ny rano ihany koa teny Ambatomirahavavy ny sabotsy maraina lasa teo. Ireo mpandalo no nahatsikaritra izany ka vetivety dia nitangorona ny olona nijery sy namantatra ny zava-nisy. Nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana. Raha ny fanazavana azo dia nahitana ratra teo akaikin'ny vavany. Tsy mbola fantatra mazava kosa anefa ny mombamomba azy ity sy ny antony nahafaty azy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana.

**R.C**

Ankazoabo

# Lasan'ny dahalo ny omby am-polony, olona 3 maty voatifitra



Nitrangan'ny halatra omby tao amin'ny kaominina Ankilivalokely, distrikan'Ankazoabo atsimo, tamin'ny faran' ny heriandro teo. Araka ny angom-baovao avy any an-toerana dia olona 3 no maty novonoin'ireo dahalo ireo. Omby 20 mahery ihany koa no nasesin'ireto farany ary mbola tsy nisy tafaverina hatramin'izao. Noho ny halaviran'ny toerana dia voalaza fa tara ny fiantsoana mpitandro ny filaminana. Noho izany dia tsy niandry ny zandary na ny miaramila ny fokonolona fa nanao ny fanarahan-dia avy hatrany. Tsy nitovy anefa ny hery teo amin'ny andaniny sy ny ankilany ka izao nisy ny aina nafoy izao. Ny omby ihany koa lasan'ireo tsy mataho-tody. Nanaraka afara kosa ny miaramila sy ny zandary nony avy eo, saingy tsy nisy vokany hatreto. Manaporofo ity tranga ity fa mbola manjaka ny tsy fandriam-pahalemana any amin'iny distrikan' Ankazoabo iny. Vao tsy ela mantsy no nanao antso avo amin'ny fitondram-panjakana mahefa ny mponina. Voalaza fa tsy mandry ny tanàna ary mikoroso fahana tanteraka ny fampandrosoana ao any an-toerana. Ankoatra ny asan-dahalo dia misy ihany koa ny fanakanan-dalana, ary fiara mpitatitra olona mampitohy Ankazoabo atsimo amin'i Sakaraha no niharan'ny fanafihana, teo amin'ny toerana antsoina hoe Fihiaka, tapa-bolana lasa izay. Fiara roa no voasakana ka vola mitentina 60 tapitrisa ariary eo ho eo no lasan'ireo olon-dratsy, ankoatra ny entan' ireo mpandeha.

**Olomboafidy**

Manoloana ireo dia mitaraina ny vahoaka any ifotony. Efa nisy ny fitarainana nataon'ny filohan'ny foko Bara ao Ankazoabo. Raha ny vaovao heno dia tsy nahazaka io fitarainana io ny olomboafidy sy ireo manampahefana sasantsasany ao an-toerana ka nilaza ny hametraka fitoriana ho an'ity olobe an'ny foko Bara ity. Nambaran'izy ireo fa manala baraka fanjakana ilay raiamandreny ny amin'ilay filazana tamin' ny haino aman-jery ny tsy fandriam-pahalemana, kanefa dia izao voamarina izao tokoa fa misy ny asan-dahalo. Tampenam-bava izany izay mba sahy mitaraina ary anaovana ramatahora. Efa akaiky rahateo ny fifidianana ka samy manao izay ho afany hanadiovan-tena ny rehetra na dia hita izao aza ny tsy fahombiazana. Andrasana moa ny mety ho tohin'ity raharaha ity. Raha ny loharanom-baovao mantsy dia misy amin'ireo tomponandraikitra ireo no malaza ratsy, miray tsikombakomba amin'ny dahalo. Manao ny ataony ny olon-dratsy vokatr' izany ary tsy mipaka any ao an-toerana ny fampandrosoana mazava fa olom-bitsy no misitraka azy fa tsy ny vahoaka sahirana.

**Deyland**

Ampanihy Andrefana

# Mpirahalahy notombohana lefona, maty ny iray

Lehilahy dimy no voalaza fa niara-namono ireto mpirahalahy ireto tao Ankilimidega, kaominina Ejeda, distrikan'Ampanihy Andrefana. Nanaovan'izy ireo tamba-be izy roa lahy sady notombohany tamin'ny lefona. Voatsatoka lefony teo amin'ny heliny havanana ny iray ary tafapoitra tany amin'ny ilan-kibony havia mihitsy izany ka nitarika ny fahafatesany. Voan'ny lefona teo amin'ny lohany kosa ilay rahalahiny, saingy mbola velon'aina soa aman-tsara ary manaraka fitsaboana any amin'ny hopitaly amin'izao. Nitsoaka nandositra avy hatrany ireo dimy lahy rehefa nahita ny fahavoazan'izy roa lahy. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa mpiaramonina ihany izy ireo sady mifankahalala tsara. Voalaza fa resaka fialonana no antony namonoana azy roa lahy ireto toy izao. Efa manao ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo nahavanon-doza moa ny zandary any an-toerana amin' izao.

**R.C**

Sakaraha

# Tovolahy maty voatifitra teo amin'ny lohany

Ny sabotsy lasa teo no maty vokatry ny tifitra nahazo azy ity tovolahy iray ity tao amin'ny kaominina sy distrikan'i Sakaraha. Voalaza fa basim-borona no nitifirana azy ka teo amin'ny ilany havian'ny lohany no voan'ny bala ka nitarika ny fahafatesany. Tamin'ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa roa lahy teo antanàna ihany no nitifitra azy. Voalaza fa noahiahian'ireo roa lahy ireo ho nangalatra ny fariny teny an-tsaha io tovolahy io ka nisy ny fifamaliana teo amin'izy ireo noho izany. Mety ho io disadisa io no antony namonoana azy. Nitsoaka nandositra avy hatrany moa ireo roa lahy ireo rehefa hitany fa voa ilay tovolahy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana any an-toerana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo roa lahy nitifitra nahafaty azy ireo. Efa natolotra ny fianakaviany ny razana.

**R.C**

Ambohitrarahaba

# Lehilahy tratra nangalatra môtô 2



Ilay mpangalatra môtô tratra !

Taorian'ny halatra môtô nifanesy teny amin'ny faritra Ambohitrarahaba iny dia nanamafy ny fanaraha-maso sy ny fidinana ifotony ny polisy. Vokatr'izany, lehilahy iray no hita niaraka tamin'ny kojakojana môtô efa noravaina ary saika hivarotra izany ny sabotsy lasa teo. Nosamborina avy hatrany io ary rehefa nofotorana dia niaiky fa avy tamin'ny môtô halatra roa ireo kojakoja ireo. Tsy mbola fantatra kosa ny tompon'ireo môtô nangalariny ireo. Raha ny fanazavàna hatrany dia saika ho isan'andro ny halatra môtô eny an-toerana ary efa manana tambajotra mihitsy ireo mpangalatra. Mazava ho azy araka izany fa tsy miasa irery ity lehilahy ity fa misy namany, ka mbola manao ny fikarohana ny polisy amin'izao. Saika ahitàna ity halatra môtô ity avokoa moa eto Andrenivohitra ary nisy aza ireo mahavita mamono mihitsy ireo olon-dratsy, toy ny nahazo ilay mpitondra taxi-môtô teny Anosizato.

**R.C**

Fenoarivobe

# Lehilahy maty tamin'ny fomba feno habibiana

Lehilahy iray tokony ho 54 taona no maty nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana ny herinandro lasa teo. Tao amin'ny tanànan'Ankerambe, fokontany Andoharano, kaominina Ambohitromby, distrikan'i Fenoarivobe, faritra Bongolava, no niseho io tranga vono olona mahatsiravina io. Notsatohan'ireo jiolahy antsy ny lohan'io raimpianakaviana io ary norasarasainy ny vatany. Maty tsy tra-drano araka izany ilay rangahy. Rehefa hitan'ireo jiolahy fa maty izy dia lasa nitsaoka izy ireo fa tsy naka na inona na inona tao an-trano. Raha ny fantatra anefa dia manana omby sy mpanam-bola io maty io, kanefa tsy nisy nipika ny fananany. Raha ny fanadihadiana natao dia disadisa arapiarahamonina no namonoana ity lehilahy ity. Mandeha ny fikarohana ireo nahavanon-doza.

**Rablaise**

## TATSY SY TAROA

**# Lehilahy iray tratra nangalatra ny ombin'ny ben'ny tanàna tao Vangaindrano no** voasambotry ny zandary. Omby miisa efatra amby roapolo no very ny 26 febroary lasa teo. Rehefa natao ny fanarahan-dia dia tratra tamin'io fotoana io ihany ny roa ambinifolo. Nitohy ny fikarohana nataon'ny zandary ka ny zoma lasa teo no tratra niaraka tamin'ny omby vositra roa anisan'ny very ity lehilahy iray ity. Mitohy hatrany ny fikarohana.

**# Ankizivavikely iray tokony ho iraika ambinifolo taona indray no niharan'ny fanolanana tao Andranganala, kaominina Ankadinondry- Sakay.** Voalaza fa ny zaodahin-drenin'ilay zaza ihany no nanolana azy, saingy efa nanao raharaham-pihavanana ry zareo. Nisy mpiaramonina nahafantatra ny zava-nitranga anefa ka nampandre ny mpitandro filaminana. Natao ny fikarohana ilay voalaza ho mpanolana ka voasambotra tany Miarinarivo ny faran'ny herinandro teo ary notanana natao famotorana.

**# Jiolahy iray nanafika « cash point » tao Antsirabe ny sabotsy lasa teo no voasambotry ny fokonolona.** Niharan'ny fitsaràm-bahoaka avy hatrany io ka novelesin'ny olona tamin'ny vilany be ny lohany. Efa natolotra ny mpitandro filaminana moa izy ary mandeha ny fanadihana.

**R.C**

Vovonana Firaisankina

# Mitaky ny hamoahana ny didim-panjakana mamaritra ny isan'ny depiote hofidina

Ambohipihaonan'ireo lohandohan'ny mpisorona eo anivon'ny Vovonana Politika Firaisankina, ivondronan'ny Tiako I Madagasikara, Hery Vaovao ho an'I Madagasikara, Tsara Tahafina, Antoko Politika Madio ary Pro-Siteny teny Bel'Air Ampandrana tamin'ny sabotsy teo. Antony, notanterahina teny an-toerana ny fanehoana ampahibemaso ny kandida hitondra ny anaran'io vovonana io ao amin'ny boriborintany faha-2 amin'ny fifidianana solombavambahoaka hotanterahina amin' ny 29 may izao. Tsy nijanona tamin'izay ihany anefa ny resaka fa nitohy tamin'ny kabary politika nitondran' ireo mpitarika ny toromarika ho an'ny mpanara-dia azy amin'izao roa herinandro mialoha ny hanombohan'ny fanaterana dosie filatsahankofidiana izao. Raha fintinina dia samy naneho ny fahasahiany handray anjara amin'ny fifidianana solombavambahoaka sy ny fahavononany hanambatra hery hahazoana ny maro an'isa eny Tsimbazaza ary niantso firaisankina ireo mpanao politika ireo tamin' izany. Mikasika izay fifidianana depiote izay hatrany, saingy eo amin'ny fomba fiasa sy ny fihetsiky ny mpitondra amin'ny fikarakarana izany, dia milaza ny efa mahita endrika kitoatoa sy tsy fahamatorana ary fandikan-dalàna sahady ny Vovonana Firaisankina.

**Fotoana farany**

Isan'izany, hoy izy ireo, ny mbola tsy famoahan'ny mpitondra ny didim-panjakana mikasika ny pitsopisony sy ny antsipiriany mifandraika amin'ny fanatanterahana ny fifidianana solombavambahoaka. "*Mbola tsy fantatra ihany amin'izao roa herinando mialoha ny hisokafan'ny fanaterana dosie filatsahankofidiana izao ny isan'ny solombavambahoaka hofidiana. Niarahantsika nahita tao amin'ny Filankevitry ny Minisitra anefa fa nitombo iray ny distrika eto Madagasikara fa tsy 119 toy ny teo aloha intsony. Mbola baraingo amintsika araka izany na hitombo na hijanona amin'ilay 151 toy ny teo aloha ihany ny isan'ireo ho depiote manaraka eo. Efa mahafantatra ny valin' izany anefa ireo mpomba ny fitondrana ireo fa mba tsy hahafahantsika miomana dia tsy havoakany izany raha tsy amin'ny fotoana farany. Koa takiantsika araka izany ny famoahana haingana io didim-panjakana mamaritra ny ho isan'ny depiote amin'ny fotoam-piasana manaraka io*", hoy Ing. Marc Ravalomanana tamin'izany.

**Mamy R.**

Fifidianana solombavambahoaka

# Tsy hiaraka amin'ny fitondrana sy ny mpanohitra fa hanana ny kandidany manokana ny Otrikafo



**Handray anjara amin'ny fifidianana depiote ny Otrikafo tarihan'i Elia Rabevahiny.**

Tsy mitsaha-mitombo ny antoko politika manambara ampahibemaso ny fandraisany anjara amin'ny fifidianana solombavambahoaka. Hita ho mifoha amin'ny torimasony avokoa izy ireo amin'izao roa herinandro mialoha ny hisokafan'ny fanaterana dosie izao. Ny sabotsy teo no nanapakevitra ny handrotsaka kandida amin'io hazakazaka ho eny Tsimbazaza io ihany koa birao politika Otrikafo. Araka ny fanazavana dia sady tsy hiaraka amin'ny fitondrana no tsy hiaraka amin'ny mpanohitra io antoko tarihan'Ing. Elia Rabevahiny io fa hanana ny kandidany manokana mandritra izany. "*Eo anatrehan' ny zava-misy ankehitriny dia hita fa mitohy hatrany ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ny mpitondra ary ny tena loza dia miseho lany ny fitantanana tsy refesi-mandidy eto amin'ny tany sy ny firenena. Ambonin'izany, voahosihosy tanteraka ny fiandrianam-pirenena sy ny fiandrianam-bahoaka. Noho izany, mitohy ny tolona sy ady amin'ny fanavotampirenena, any amin'ny sehatra sy ny fotoana rehetra koa nanapa-kevitra handray anjara amin'ny fifidianana ho solombavambahoaka izahay*", hoy Ing. Elia Rabevahiny, filoha nasionalin'ny antoko tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, notsiahiviny ny fotokevitra nijoroan'ny Otrikafo mbola tazoniny hatramin'izao, dia ny fiandrianam-pirenena, ny fiandrianam-bahoaka ary ny tsy fiankinan-doha. Tamin' izany ihany koa no nilazany fa misokatra ho an'ny rehetra ny varavaran'ny Otrikafo, indrindra ho an' ireo olom-pirenena vonona hiaro ireo fotokevitra voatanisa ireo.

**Mamy R.**

Zanak'Isandra

# Tsy manaiky ny fizarazarana, hanamafy ny firaisankina


**Naneho ny firaisan-kinany teto Isorana ireo vahoakan'Isandra.**

Vory lanona tao amin'ny kaominina Isorana, distrikan'Isandra, ireo mponina avy amin'ny fokontany 104 mandrafitra ny kaominina 13 ao anatin'ny distrikan' Isandra, ny faran'ny herinandro teo. Naneho firaisankina sy fifankatiavana ho mariky ny tsy fizarazarana sy hampita izany amin'ireo taranaka fara-mandimby tao anatin'ny hetsika "Tokobe". Anisan'ny mampiavaka ny distrikan'Isandra ao anatin' ny foko Betsileo moa ny Tokobe : ahitana fatana kitay maromaro mitandavana hanaovana nahandro faobe, mba hanambarana ampahibemaso ny fiombonam-po sy firaisankina efa nisy hatramin'ny taloha. Tsy manaiky ny fizarazarana fa hanamafy ny firaisankina. *"Fifanomezan-tanana sy fandraisana andraikitra no tena fototra hisian'ny Tokobe"*, hoy ny filohan'ny zanak'Isandra Miray hina, Atoa Raoto Ralambozafy. Nantitranterin'ireo zanak' Isandra nandritra ny hetsika, fa ny razambe fahiny no nametraka izao hetsika Tokobe izao mba hampiray sy hanamafisana ny tsy fizarazarana ao Isandra. *"Atao izay hifankahafantaran' ireo zandry zanaka isampokontany ato anatin'ny distrikan'Isandra mba hisian' ny firaisan-kina sy fifankatiavana, ka hiteraka fandrosoana ho an'ny faritra.»*, hoy hatrany ny filohan'ny zanak' Isandra miray hina.

**Hetsika ara-kolontsaina**

Nankalazaina tao Isorana nandritra ny hetsika Tokobe ihany koa ny andro iraisampirenena ho an'ny zon'ny vehivavy tao anatin'ny distrikan'Isandra. Ankoatra ny filaharambe namakivaky ny tanàna, nisy ny fambolen-kazo nataon'ireo terak' Isandra tao amin'ny kaominina Isorana. Narahin'ny hetsika ara-kolontsaina sy zavakanto toy ny kidodo sy horija Betsileo. Nohamafisin'ireto terak'Isandra ireto fa hitohy ny hetsika fanamafisana firaisan-kina, ary tsy havela hozarazaran'ny zavatra maro samy hafa ny taranaka aty aorina.

**Niry R.**

## Marina izany !

### Fidiovana sy fahadiovana !

**Lazaina hoe « andro fidiovana » ny andro nanomboka omaly alahady mitohy amin'ity anio ity. Tsy inona akory fa noho ny fanamarihana na fankalazana ny antsoina hoe "taombaovao malagasy" ho an'ireo mpandala ny fomban-drazana. Marihina amin'ny alalan'ny lanonana sy hetsika samihafa moa izy ity ary anisan'izany izay atao etsy amin'ny kianjaben'ny Barea Mahamasina, ankoatra ny eny amin'ny rovan'Ambohidratrimo. Izany hoe raikitra ihany ny fankalazana ny taombaovao malagasy, na dia teo aza ny tsy fitovian-kevitra ny amin'ny daty teo amin'ireo mpikarakara sy fikambanana mpandala ny fomban-drazana. Na izany aza dia andro fiasana ny andro anio, na nangataka ny hanaovana izany ho andro tsy fiasana aza iretsy farany. Naka toerana marimaritra iraisana kosa ny fanjakana manoloana azy ity ka tsy sahy nanapaka ny hankalazana amin'ny fomba ofisialy ho andro tsy fiasana ny datin'ny taombaovao malagasy anio, saingy miseho ho mpanohana sy manao tantsoroka kosa etsy ankilany. Asa moa na noho ny nilazan'ireo ankolafim-pikambanana mpandala ny fomban-drazana fotoana sy daty hafa mikasika ity taombaovao malagasy ity ihany no antony. Fa mifampitohy amin'izay, asa na fifanojoan-javatra fa misy hetsika faobe mahakasika ny fahadiovana koa amin'izao eto amin'ny tanànan'Antananarivo renivohitra. Ao anatin'ny ezaka fanadiovana ny tanànan'ny Renivohitra ankehitriny ny Filohan'ny Delegasiona manokana voatendry vao haingana teo. Niaraha-nahita ny loton'ny tanàna nandritra ny fotoana naharitra teo aloha teo. Folo andro no nomena ity tompon'andraikitra vaovao ity hanadiovana ny tanàna ka ho tratra ve ilay tanjona napetraka, satria andro vitsy sisa dia ho tapitra io fe-potoana io?**

**Lucien Raharison**

PDS eto Antananarivo renivohitra

# Vonona hanatanteraka ny fanamby amin'ny fanalana ny fako


**Nampiseho fahavononana hanatratra ny tanjona Atoa PDS tetsy Analakely.**

Tsy maintsy tratra ny tanjona ! Io ny karazana teny filamatra apetraky ny Filohan'ny Delegasiona manokan'ny (PDS) kaominina Antananarivo renivohitra Atoa Ramanambitana Richard, fotoana vitsy mialohan'ny hataperan'ilay 10 andro nolazain'ny Filoha. Araka ny fanazavana nentiny tamin'ny mpanao gazety tetsy amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely ny sabotsy teo dia nolazainy fa vonona hanatanteraka ny fanamby amin'ny fanalana ny fako eto amin'ireo boriboritany enina eto Andrenivohitra ny tenany miaraka amin'ireo mpiara-miasa aminy.*"Manoloana ny toromarika izay napetraky ny Filohan'ny Repoblika amin'ny fanamby fanalana ny fako ao anatin'ny 10 andro dia vonona avy hatrany ny Tanànan''Antananarivo sy ireo tomponandraikitra rehetra voakasika amin'izany amin'ny fanadiovana ny tanàn*a", hoy Atoa PDS. Namafisiny fa hisy ny fampiharana ny CMH na "Code Municipal d'Hygiéne" momba ny ora fanariana fako. Isan'ny fanapahan-kevitra noraisiny koa ny fametrahana ny ekipa maro na "task force". Ny asan'izy ireo dia manome vaovao, amin'ny alalan'ny laharana maintso, mahakasika ireo toerana izay mbola hahitana fako misavovona. Mahakasika ny fitarainan'ny mponina manoloana ny fahasimban'ny lalana indray dia nanome toromarika sy torolalana ireo tomponandraikitra misahana izany ny PDS.

**JUDD**

Minisitry ny Filaminam-bahoaka

## Manao laharam-pahamehana ny ady amin'ny kolikoly

Isan'ny tomponandraikitra mitondra ainga vao momba ny ady amin'ny tsy fandriam-pahalemana eto amin'ny firenena ny minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny Contrôleur Général de Police Rakotoarimanana Herilala. Isan'ny laharampahamehana goavana napetrany amin'ny fitantanana ny departemanta iadidiany ny ady amin'ny kolikoly sy ny fanadiovana tokony hatao manodidina izany. Tafiditra ao anatin'izany ny fitondrana paika vaovao hoentina manafaingana ny fahazoana pasipaoro sy ireo sehatr'asa hafa mila fanadiovana eo anivon'ny polisim-pirenena. Ety am-pisasahan'ny 100 andro, izay fe-potoana sy fanamby napetraka niaraka amin'ny Filoham-pirenena, dia maro ireo asa vita niarahany tamin'ireo mpiara-miasa aminy. Tafiditra ao anatin'izany ny fananganana ireo fotodrafitrasa hoentina manatanteraka ny iraka eo amin'ny fametrahana ny fandriam-pahalemana. Notsindriany manokana izany tamin'ny fitokanana ny trano ny fitaleavam-paritry ny filaminam-bahoaka (DRSP) vaovao ho an'ny faritra Atsinanana tao Toamasina ny faran'ny herinandro teo. Nambarany tamin'izany fa faritra 22 amin'ireo 24 no efa nanorenana biraon'ny DRSP vaovao, ary ity eto Toamasina ity no faha-15 notokanana. "*Zava-dehibe izao fotodrafitrasa izao satria taratry ny fahombizan'ny PGE amin'ny fampajariana ny maha-olona, ny fanakaikaizana ny vahoaka, ary ny ady amin'ny kolikoly*", hoy Atoa Minisitra. Etsy andanin'izany dia nisy ny fidinana ifotony teny anivon'ireny DSRP isaky ny faritra ireny ho fanaraha-maso ny asa hatao.

**JUDD**

Filoha Andry Rajoelina tao Toamasina II

# Nizara karatany 6 987 tao amin'ny fokontany Antanandava

Taorian'ny fankalazana ny andron'ny 8 marsa dia nitohy tao amin'ny distrikan'i Toamasina faharoa ny dian' ny Filoha Andry Rajoelina sy ireo mpiara-miasa aminy, ny sabotsy lasa teo. Notontosaina teto amin'ny fokontanin'Antanandava, kaominin'Ambalamansy, distrikan'i Toamasina faharoa, ny fizarana karatany sy titra faobe nokarakarain'ny fitondram-panjakana sy tohanan' ny tetikasa fampiroboroboana ny fambolena sy ny fiarovana ny fananan-tany (CASEF). Miisa 6987 ny karatany zaraina ho an'ity distrika ity, araka ny fampitam-baovao avy amin'ny minisiteran'ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany. 50 tamin'ireo no natolotra ho an'ireo vehivavy misolo tena ny mponina ao Ampasimadinika, ao amin'ny distrikan'i Toamasina faharoa. An'arivony kosa ireo mponina hahazo an'io karatany io ao



Miezaka manakaiky ny vahoaka sy mamaha ny olany ny Filoha Andry Rajoelina.

amin'ireo kaominina dimy ao amin'ity distrika ity. Titra 65 kosa no natolotra ny solontenan'ireo mponina tokony hisitraka ity tolotra avy amin'ny fanjakana ity, ao amin'ny fokontanin' Ambalamasy. Misy amin'izy no efa nanajary ny tany ary mbola mitoetra ao antoerana. Misy ihany koa ireo mponina voaraoka tao amin'io fokontany io ka averina ao amin'ny tany nohajariany. Miampy titra 30 no nozaraina tamin'ny hetsika, omaly ho an'ny mponina ao amin'ny fokontanin'i Betainomby, ao Toamasina faharoa. Isan'ireo distrika manana olana eo amin'ny fananan-tany ny ao amin'ny distrikan'i Toamasina faharoa. "*Androany isika dia hizara titre, hizara ihany koa karatany. Ny karatany izay ho zaraintsika dia ezahina hahatratra 2 tapitrisa. Raha atao ny kajikajy amin'ny isan'ny anaty fianakaviana, dia hahatratra 10 tapitrisa ny olona hisitraka ny fahazoana an'izany karatany izany. Raha atao ny antontan'isa dia efa mananika ny 40% amin'ny vahoaka malagasy no hahazo "certificat foncier", izay azo avadika ho titre. Izay no dingana ataontsika ampandrosoana an'i Madagasikara*", hoy ny Filoha Andry Rajoelina. Notsiandrian'ny Filoha fa tsy ekena ny fibodoan'ny olom-bitsy manararaotra ny fahaizany taratasy sy ny pitsopitsony ara-panjakana ny tany nohajarian'ny mponina maro an'isa. Taorian'izany dia nijery ny paika hoentina mampandroso ny tanànan'i Toamasina ny Filoha.

**JUDD**

Depiote Todisoa Andriamampandry

## Nanao asa sosialy telo sosona teny Ambohimanarina




Ny depiote Todisoa nandritra ny fanokafana ny fampianarana teny alemana andiany faha-2 teny Ambohimanarina ny sabotsy teo.

Manao tohivakana ny asa sosialy hitsinjovan'ny depiote Todisoa Andriamampandry ireo mpiara-belona aminy eny amin'ny boriborintany faha-6 tamin'iny herinandro lasa iny. Samy nahazo ny anjarany avokoa tao anatin'izany na ny tanora na ny mpianatra na ireo mpitady asa na ireo zokiolona. Tamin'ny sabotsy heriny izao, nanomboka ny fampianarana teny Anglisy maimaimpoana ary maherin'ny 2000 ireo zanak'Ambohimanarana nisoratra anarana hanaraka izany. Tsy vitan'ny manaraka fampianarana omen'ireo mpampianatra efa za-draharaha izy ireo ao anatin'izany fa izarana "polycopes", mirakitra ny lesona sy ny fampiharana mihitsy. Ny sabotsy teo indray, nanao asa sosialy roa sosona teny amin'io boriborintany nahavoafidy azy io ity olon'ny Tiako I Madagasikara ity. Voalohany, nikarakara hetsika fampianarana teny alemana andiany faharoa ho an'ireo zanak'Ambohimanarina sy ny manodidina ny tenany. Nandritra izany no nanentanany ny tanora ho tia fianarana sy tsy hanao ambanin-javatra ny teny vahiny, satria ilaina foana izany, indrindra rehefa mitady asa. Faharoa, raikitra ihany koa ny fampiofanana natokana ho fikarakarana, fitsaboana ary fitaizana ireo zokiolona andiany faha-5. Tanjona, araka ny fanazavan'ny depiote Todisoa, ny hifehezan'ireo olona misehatra amin'izany fikarakarana sy fikolokoloana ny zokiolona izany ny asany. Ny tena zava-dehibe ihany koa, hoy hatrany izy, ny mba hahafahan'ireo misitraka fiofanana mivelatra amin'ny tontolo misy azy ka ho afaka manangana toerampikarakarana ireo zokiolona ho azy manokana sy mitady asa any ivelany.

**Mamy R.**

Randrianarisoa Stanislas na Rastany

# Kandida depiote natolotry ny Firaisankina eny amin'ny boriborintany faha-2

Kandida solombavambahoaka eny amin'ny boriborintany faharoa natolotry ny Vovonana Firaisankina hitondra ny anaran'izy amin' ny fifidianana depiote hatao ny 29 may izao ny depiote Randrianarisoa Stanislas, fantatry ny maro amin'ny hoe Rastany. Horakoraka sy hafaliana avy hatrany no nandraisan'ireo mpanaradia io elatry ny mpanohitra io eny amin'ny boriborintany faharoa tonga teny Bel'Air vantany vao nandre sy nampahafantarina izany tamin'ny sabotsy teo. Tsy mahagaga izany satria tao anatin'izay fotoam-piasana roa naha depiote azy izay dia tsy nanadino ireo vahoaka nifidy azy izy eny fa na dia mpikamban'ny fahefana mpanao lalàna aza. Tsy zoviana aminy




Nametrahan'ny Firaisankina fitokisana ho kandidany Ing. Rastany.

rahateo intsony fa miaina anaty fahantrana ny ankamaroan'ny mponina eny amin'ny boriborintany faha-2 ka tsy nojereny fotsiny izany fahasahiranana mianjady amin'ny vahoaka izany.

**Afaka ny dingana voalohany**

Mbola nohamafisiny tamin' ny fandraisam-pitenenana nataony teny Bel'Air moa izany. "*Misaotra antsika tonga maro. Porofo izany fa miroborobo ao amintsika ny fitiavan-tanindrazana. Afaka aloha iny ny dingana voalohany satria mbola nametrahan'ny Vovonana Firaisankina fahatokisana isika ka notendren'izy ireo ho kandida. Dingana faharoa ny amin'ny 29 may koa ndao hanohana an'i Rastany. Tsy afenina fa tena mangoraka ilay tanindrazana ny tenako. Tokony ho sangany aty Afrika isika kanefa noho ny tsy fahaiza-mitondran'ny sasany dia gisitra hatrany. Manome toky anareo ny tenako fa raha mbola tonga amin'ny toerako eo dia hiezaka hanao zavatra avo telo heny amin'ny nataoko tamin'ity fotoam-piasana madiva hifarana ity*", hoy Ing. Rastany tamin'izany.

**Mamy R.**

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Diosezin'i Miarinarivo

# Voatendry ho Eveka ny Mgr Rakotoarisoa Jean Claude

Notendren'ny Ray Masina Fransoa, ho eveka vaovao' i Miarinarivo, ny Mgr Rakotoarisoa Jean Claude, vikera jeneralin'i Tsiroanomandidy sady tale nasionalin'ny Œuvres Pontificales Missionnaires ankehitriny. Mifanindran-dalana amin'ny famangian'ny Mgr Tomasz Grysa, Nonce Apostolique, ao Tsiroanomandidy ny fanendrena an'i Mgr Jean Claude Rakotoarisoa ho evekan'i Miarinarivo. Raha ny fantatra dia izy no pretra voalohany avy ao Tsiroanomandidy voatendry eo amin'ny laharana Eveka. Notanterahina omaly alahady ny lamesa hiarahana amin'ny Nonce Apostolique ao amin'ny Paroasy Katedraly Masina Maria Vonjy Mahatoky. Raha ny mombamomba ny Mgr Rakotoarisoa Jean Claude dia 53 taona izy, izany hoe ny 4 oktobra 1971 no teraka tao Tsiroanomandidy. Ny 9 aogositra 1998 izy no nandray ny Acolytat sy Lectorat tao Tsiroanomandidy, ary ny 16 aogositra 1998 no nanamasinana azy ho diakra tao amin'ny katedraly Notre Dame du Bon Remède ao Tsiroanomandidy ihany. Ny 29 aogositra 1999 no nohamasinina ho Pretra.



**Ny Mgr Rakotoarisoa Jean Claude, Evekan'i Miarinarivo.**

Raha ny fianarana nataony kosa, ny taona 1982, izy no niditra tao amin'ny seminera zandriny ao Tsiroanomandidy ary nahazo ny dilaoman'ny bakalorea ny taona 1989. Tamin'ny taona 1990 – 1991, niofana tao amin'ny seminera propedetika ao Tsiroanomandidy ary teo anelanelan'ny 1991 hatramin'ny 1994, nanao fianarana filozofia tao amin'ny seminera zokiny Masindahy Paoly Apostoly Manantenasoa, ao Antsirabe. Ny taona 1994 hatramin'ny 1996, nanao régence tao amin'ny seminera zandriny ao Tsiroanomandidy.

Ny taona 1996 hatramin' ny 1999, nanao fianarana teolojia tao amin'ny seminera zokiny ao Ambatoroka Antananarivo. Ny taona 1999 no nahazoany ny diplaoma bakalorea amin'ny teolojia tao amin'ny Institut Catholique de Madagascar. Ny taona 2001 izy no nahazo ny diplaoma Maîtrise en Théologie tao amin'ny Institut Catholique de Madagascar. Ny taona 2010 hatramin'ny 2016, nanohy fianarana Droit Canonique tany amin'ny Université Pontificale Urbanienne any Roma ary nahazo ny diplaoma Licence en droit canonique tao amin'io Université Pontificale Urbanienne ao Roma io ny taona 2013, avy eo dia nahazo ny Doctorat en Droit canonique tao amin'io oniversite io ihany, ny taona 2016.

Ireo iraka nampanaovina azy. Ny taona 2001 hatramin'ny 2009 kosa Économe sady secrétaire diocésain tao Tsiroanomandidy. Ny taona 2001 hatramin'ny 2007, lasa vikera tao amin'ny katedraly sady talen'ny Foyer d'Education ao Tsiroanomandidy. Efa aomonien'ny hopitaly Tsiroanomandidy izy ny taona 2001 hatramin'ny 2003. Ny taona 2005 hatramin'ny 2006 kosa dia tale mpisolo toerana tao amin'ny Lisea Katolika ao Tsiroanomandidy. Ny taona 2007 sy 2008 : Vikeran'ny distrikan'Andranomadio, ary nanomboka tamin'ny 2008 hatramin'ny 2010, mompera Curé-n'ny distrikan'Andranomadio. Ny taona 2017 hatramin'ny 2021 : Administrateur diocésain tao Tsiroanomandidy.

**Nangonin'i Nath**

Delestazy ao Mahajanga

# Mangataka vahaolana maharitra amin'ny delestazy ny mponina

Nilanja sorabaventy teo anoloan'ny biraon'ny Jirama Ampasika ny mponina mahatsiaro maty antoka tanteraka noho ny fisian'ny delestazy, ny alakamisy lasa teo. Mangataka vahaolana maharitra ireto mponina ireto, satria na ny fidiram-bola na ny fitaovana dia simba avokoa. Tao anatin'ny iray volana izay, tapatapaka foana ny herinaratra tao Mahajanga. Niezaka nangina izahay fa tena efa mihoatra ny tokony ho izy ny zavatra mitranga, indrindra fa ireo mpiasa tena. Ireo mpandraharaha mpiompy akoho fakana nofo ihany koa anisan'ny mitondra faisana, satria an-jatony ireo akoho maty fa tsy mahazaka hafanana. Ny faktiora anefa tsy maintsy aloa isam-bolana na misy ny famatsiana herinaratra na tsia, ka mangataka ny zony ireo mponina. Efa nisy fanazavana ihany nomen'ny tomponandraikitra, ka anisan'izany ny fanamboarana ny milina iray, ka nanapahana fa eo anelanelan'ny amin'ny 9 ora alina hatramin'ny 6 ora maraina no mifandimby tapaka ny herinaratra.

**Nath**

"Espace Jeune Entrepreneur", andiany faha-12

# Hamolavola tanora mpandraharaha 60



**Fampahafantarana ny EJE andiany faha-12 teny Analakely tamin'ny 7 marsa lasa teo.**

Hiditra amin'ny andiany faha-12 ny « Espace Jeune Entrepreneur », hotanterahina amin'ny 15 sy 16 marsa ho avy izao, ao amin'ny Centell Antanimena. Tanora manana tetikasa te hiditra eo amin'ny sehatry ny fandraharahana tsy mihoatra ny 60 no andrasan'ny mpikarakara ho avy. "Nahatratra 400 ireo mpandray anjara tamin'ny taon-dasa. Vitsy tamin'ireo ihany anefa no azo narahina hatramin'ny farany tamin'ny fananganana ny tetikasany. Izany indrindra no nahatonga anay nampihena ny isan'ny mpandray anjara amin'ity andiany manaraka ity mba hahafahana manome tan-tsoroka azy ireo hatramin'ny farany», hoy ny mpandrindra ny EJE avy ao amin'ny CEERE. Hatao laharam-pahamehana ny hahazoan'ireo mpandray anjara ireo fahaiza-manao hoentina manatsara ny heviny sy manomboka haingana ny tetikasany. Efa nisy koa ny fanarahana tanora miisa 15 manana tetikasa nanomboka ny volana janoary lasa teo, tao anatin'ny fandaharanasa EJE Lab. Mandritra ireo roa andro ireo dia hisy ny fifampizarana ataon'ireo tanora nisitraka ny EJE Lab, ny famelabelarana sy fanadihadiana ireo tetikasan'ireo tanora manoloana ireo mpandraharaha matihanina, ary ny fifanatrehana amin'ireo mpandraharaha matihanina sy fantadaza.

**R. Muray**

midigazetikom@gmail.com

Pr Robinson Annick Lalaina

# Misy zaza marary 3 hatramin'ny 7 isan'andro nalefa teny Andohatapenaka

Misy fandriana 50 ao amin' ny Hopitalin'ny Reny sy ny Zaza ao Tsaralalana, na CHUMET. Misy fotoana tsy maharaka ireo toerana ireo, kanefa misy sokajiny ihany koa, izany hoe ny fandriana natokana handraisana zaza menavava tsy azo andraisana zaza aman-taonany. Tamin'ny taona 2019, tsy naharaka ny toerana ka nanitatra teny amin'ny hopitaly Andohatapenaka ny tomponandraikitra. Mbola notohizana izany fomba fiasa izany tamin'ity taona ity, araka ny fanazavan'ny Pr Robinson Annick Lalaina, Talen'ny Hopitalin'ny reny sy ny zaza Tsaralalana. *"Resaka bronchiolite, na aretin'ny taovam-pisefoan' ny zaza latsaky ny herintaona, no nafindra teny Andohatapenaka ka tamin' ity taona ity dia misy zaza 3 hatramin'ny 7 isan'andro no alefa eny rehefa tsy maharaka ny toerana. Miaramiasa foana ihany koa ny hopitaly. Antenaina kosa hoe azo akatona atsy ho atsy ny eny Andohatapenaka satria tsy hopitaly natokana handray zaza izy ireo, satria tsy asan'izy ireo izany. Hafa foana ihany koa anefa ny hoe matihanina mahakasika ny zaza no mandray an-tanana azy."* Taloha dia ny volana febroary sy martsa no vanimpotoana mampirongatra io bronchiolite io, fa somary lasa aloha izany tamin'ity, izany hoe janoary sy febroary, ary mbola ahitana izany hatramin'izao. Izy io rahateo no mbola aretina betsaka tsaboina ao Tsaralalana amin'izao fotoana izao. Matoa miditra hopitaly ilay zaza dia mila « oxygène » izy izay, ary samy manana ny vatany ny zaza tsirairay. Taloha, rehefa fotoana betsaka zaza marary ato amin'ny hopitaly dia hatreny amin'ny lalan-tsara feno zaza tsaboina, fa ny zavadehibe ho anay dia mahazo fitsaboana izy ireo ary rehefa salama dia alefa mody, hoy hatrany ny fanazavan'ny Pr Annick Lalaina Robinson. Hatreto anefa, tsy misy ny vakisiny miaro amin'io bronchiolite io fa ny fahadiovana no tsy maintsy tandrovina. Tsy tokony hatao ihany koa ny mamangivangy zaza vao teraka, ny manorokoroka ary raha sendra misy voan' ny gripa dia tokony hanao aro vava mba hisorohana amin'ny fifindrany amin' ny zaza. Ny olon-dehibe mantsy efa manana hery fiarovana fa tsy toy izany ireo zaza menavava ireny ka aleo misoroka foana toy izay mitsabo. Tsy mbola eken'ny saintsika malagasy anefa izany tsy hifamangy izany, kanefa tena fototry ny olana mahasempotra zazakely izany. Amin'ny ankapobeny, tsy mahafaty ny bronchiolite na mahasempotra aza fa mila tonga ara-potoana fotsiny ny fandraisana an-tanana ilay zaza.



**Pr Robinson Annick Lalaina, talen'ny CHUMET.**

Ankoatra ny bronchiolite, anisan'ny tsy tapaka fa misy foana ao amin'ny CHUMET ihany koa ny zaza tratran'ny tsifanjariantsakafo miampy aretina. Misy fandriana valo ao fa feno foana ireo toerana ireo, mety mihoatra aza. Betsaka ny mieritreritra hoe eto Andrenivohitra ve ahitana zaza tsy ampy lanja, fa tena misy ary betsaka tokoa izy ireo tsaboina ao amin'ny CRENI ao. **Nath**

Toamasina

# Raikitra ny gidragidra tao am-piangonana

Tapaka an-tenatenany ny fanopoam-pivavahana tao amin'ny Fiangonana lehibe iray ao Toamasina omaly alahady. Raikitra mantsy ny sakoroka noho ny tsy fanekeken'ny biraom-piangonana ny fitondran'ny mpitandrina ao an-toerana. Tsy vao izao, araka ny loharanom-baovao voaray avy any an-toerana, no nisy ny disadisa teo anivon'izany tranon'Andriamanitra izany fa efa matetika mitranga. Raha ny horonantsary niparitaka tao amin'ny tambajotran-tserasera, dia nisy tamin'ireo mpino no nandohalika nivavaka raha vao nitranga ny kotaba. Teo kosa ireo nifampisintona lamba. Tsy vitsy no nandrakitra an-tsary tamin'ny finday ny trangan-javatra niseho. Nisy ny nanasaraka, ary mazava ho azy fa nisy ny fifampihantsiana sy fifanazavana ary tabataba. Ny ankamaroan' ireo mpino nitsangana teny am-pitoerana nitazana ny hadalana nitranga tao am-piangonana. Betsaka ny nanome tsiny, satria asan' Andrianamitra ary asa fanompoana no tokony hatao ao am-piangonana fa tsy kotaba sy savorovoro toy izao. Ny hasin'ny fiangonana mihitsy no rava, saingy manantena ny rehetra fa ny hisavorovoroan-kilatoana, hoy ny fiteny, ka manentana fandraisan'andraikitry ny foibe ny maro raha tsy misy fanapahan-kevitra hiraisana avy any Toamasina. Voatery niditra an-tsehatra ny mpitandro ny filaminana nandamina. Tsiahivina fa vao avy nandray vahiny manan-kaja ny tanànan'i Toamasina nandritra ny fankalazana ny 8 martsa lasa teo. **Nath**

Tetikasa Base Toliara

# Mandroso ny fifampidinihana miaraka amin'ny fanjakana

*Nifampidinika ny fanjakana sy Base Resources.*

Efa sasa-miandry ireo vahoakan'Atsimo Andrefana. Efataona mahery no niatoan'ny tetikasa Base Toliara. Nambaran'ny minisitry ny Harena an-Kibon'ny Tany, Rakotomalala Olivier Herindrainy, nandritra ny fivahinianany tao amin'ny Televizionina Malagasy, tamin' ny herinandro lasa teo, anefa fa efa mandroso be ny fifampidinihana mikasika ny famahana ny olana rehetra. Vao tsy ela akory, raha ny nambarany, no tonga teto amintsika ireo tomponandraikitra ao anatin' ny kaompania manatanteraka ity tetikasa ity, izay nanohy ny fifandresendahatra niaraka tamin'ny fanjakana. Iaraha-mahalala fa anisan'ny laharampahamehana ao anatin'ny politika ankapoben'ny fanjakana, na ny PGE, ny fampiroboroboana ny asa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany goavana noho ity farany napetraka ho anisan' ny fanoitra amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara. "Tsy maintsy azontsika antoka fa handray anjara amin'ny fampandrosoana ny firenena ireo fitrandrahana



**Longîn Mahatoro, ben'ny tanànan'Ankilimalininke.**

harena an-kibon'ny tany goavana. Tsy maintsy jerentsika ny fandraisany anjara eo amin'ny famoronana asa, ny fampidirana vola vahiny, na koa eo amin'ny lafiny fampidiran-ketra», hoy ny Minisitra Rakotomalala Olivier Herindrainy. Nohamafisiny fa mieritreritra ny hamarana ny fifampidinihana momba ity tetikasa fitrandrahana fasimainty ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana ity ao anatin'ny fahombiazana tanteraka ny fitantanan-draharahan'ny harena an-kibon'ny tany.

**Sasa-miandry**

Tsy nitsahatra nanantena ny fiverenan'ity tetikasa ity ireo vahoaka ao Atsimo Andrefana. "Amin'ny fomba ahoana moa no tsy hankasitrahanay ny tetikasa hitondra fampandrosoana ho anay ? Indrindra koa fa tetikasa tsy hositrahinay samy irery fa ho an'ny faritra misy anay sy ny firenena manontolo mihitsy", hoy i Longin Mahatoro, ben'ny tanànan'Ankilimalininke, ao amin'ny distrikan'i Toliara II. Resy lahatra amin' ny fampandrosoana hoentin' ity tetikasa ity ireo vahoaka any an-toerana raha tsy hilaza afa-tsy ny tamberimbidim-pitrandrahana, izay hahafahana mamaly ny filan'ny mponina ao amin'ny kaominina, fa tsy voatery hiandry ny fanampiana avy amin'ny fanjakana sy ireo mpiara-miombona antoka foana. Tsiahivina fa ny Base Resources, kaompania tompon'ny Base Toliara, dia nahazo amboara teo amin' ny lafiny fangaraharana sy fandraisana andraikitra aratoekarena sy ara-tsosialy ary ara-tontolo iainana, nandritra ny "Responsible Resourcing Awards 2024" noho ny fahaiza-manao tsara nampihariny teo amin' ny lafiny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany nataony tany Kwale, Kenya. "Tokony ho azo tanterahina tsara aty Toliara ny fahombiazana vitan'ny Base Resources tany Kwale. Fahapotehan'ny fiainana sy fahantrana aloha no misy eto amin'ny faritra Atsimo Andrefana, indrindra fa aty Toliara, amin'izao fotoana izao. Izany indrindra no tokony hanokafana faran' izay maika ny tetikasa Base Toliara", hoy hatrany ny ben'ny tanànan'Ankilimalininke. Efa maro ireo antso avo nataon'ny vahoakan' Atsimo Andrefana tamin'ny fanjakana momba ny fanokafana ity tetikasa ity.

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### « ...Ravaky ny lalana » !

Any Ramala,

Angamba mba efa nandre ihany ianao ilay fitenenana manao hoe « ravaky ny lalana » Ramala ? Fa rehefa manao inona, na amin'ny fotoana inona moa Ramala no ampiasana na andrenesana azy io eto an-tanindrazantsika? Tsy rehefa misy mikabary amin'ny fanaovana raharaha na fanambadiana ve? Fa iza moa no tenenina na tondroina amin'io fitenenana io Ramala ? Ny tena marina dia hoe « mandeha ravaky ny lalana » izy io fa notapahina fotsiny. Mbola misy tohiny aza ilay izy manao hoe « mipetraka ravaky ny tokantrano ». Dia tokony ho azonao an-tsaina amin'izany hoe iza no tenenina sy tondroina amin'izany. Aleo kosa tsorina fa tsy zavatra na fanaka no tenenina amin'izany fa olona. Ny mahagaga sy mahalasa eritreritra fotsiny anie Ramala dia ny ilazana azy hoe « ravaka ». Izany « ravaky ny tokantrano » izany ve tsy ireny fanaka ireny, kanefa olona no tenenina? Nisy tokoa sokajin'olombelona noheverina ho toy izany taloha, na teo amin'ny fiarahamonina sy fomban-tany taloha Ramala. Efa miady amin'izay endrika fanavakavahana izay amin'izao ny firenena maro maneran-tany ary anisan'izany ny eto an-tanindrazantsika. Lazaina amin'izao fa mitovy daholo ny olombelona rehetra. Izany anie Ramala no anton'ilay hetsika sy lanonana notanterahina tamin'ireo tanàna sy faritra samihafa nanerana ny tanintsika farany teo ireny é. Filaharambe, kabary, sns...no natao tamin'izany. Fa hono ho aho Ramala, sao sanatria ka ho toy ny « hetsika fambolenkazo » fahita sy fanao isan-taona eto amintsika koa ity hetsika fiadiana amin'ny fanavakavahana ny samy olombelona ity. Na iry voalohany, na ity faharoa dia samy efa an-taonany maro anie no nanaovana azy io teto an-tanindrazantsika é! Kanefa aiza ho aiza isika amin'izao Ramala? ! Marina fa sasanangy samihafa ireo, ny iray hazo fa ny faharoa olombelona. Ny mahatonga ny eritreritra handeha toy izany mantsy Ramala, mafana fo izay ny eto amin'ny amintsika eto rehefa manao zavatra ary manao zavatra marevaka ivelany. Sao dia lasa fahazarana manao fety amandanonana fotsiny? Raha ny zavatra hita farany teo teto amintsika fotsiny, Ramala, dia nisy tokoa ny filaharambe namakivaky tanàna tamin'ny faritra maro. Filaharana anie izao! Enga anie izy io mba tsy hitovy amin'ny ny tany aloha intsony ka ho toy ny famerenana na fanamarinana indray ilay fitenenana manao hoe « ...ravaky ny lalana » ! Izay no ela, efa lava izay fa aleo faranana aloha ny androany Ramala, amin'ny manaraka indray manao misimisy.

**Ragasy**

Fianarana any ampitan-dranomasina

# Canada, Etazonia ary Frantsa no mahasarika mpianatra hatreto

Noho ny antony ara-tsosialy, ara-politika, ara-toekarena, betsaka ireo ankizy maniry handranto fianarana any am-pitandranomasina. Nitafa tamin'ny mpikarakara hetsika mampivondrona sekoly ambony eto Madagasikara sy any ampitandranomasina izahay, dia ny Madajeune. Ny faran'ny herinandro teo no nanokana roa andro izy ireo nahafahan'ny tanora sy ny ray aman-dreny maka andinindininy sy izay tsara ho fantatra rehetra mikasika ny fianarana any ivelany. Manodidina ny 20 ireo trano eva nandray anjara ary samy afa-po daholo na ny mpanatrika na ny mpikarakara.



**Maro ireo mpianatra maniry handranto fianarana any ampita.**

**Gazetiko : Nanao ahoana ny tomban'ny « salon des études internationales » farany teo ?**

**Madajeune** : Afa-po ny mpikarakara. Manodidina ny 2 000 ny isan'ny ankizy tonga nanatrika. Izay rahateo no tanjona napetrakay. Faly izahay fa afa-po ireo nandray anjara rehetra ary hita fa tena liana ny mpianatra. Nisy 12 ny valandresaka nanazavana ny fepetra sy ireo tsara ho fantatra raha maniry handeha hianatra. Ary tena nahaliana ny ankizy ilay izy satria afaka naka ny andinindininy tsara ho fantatra izy ireo. Anisan'izany ny dingana mila arahina, ny taratasy omanina, ny sarampianarana, ny fomba hahafahana mahazo vatsimpianarana sy ny maro hafa.

**Gazetiko : Aiza ny firenena be mpisafidy indrindra ?**

**Madajeune** : Be mpanontany sy betsaka mpianatra liana indrindra ny fianarana any Canada, Etazonia ary Frantsa, izay efa nisy foana. Eo ihany koa anefa ny any Maorisy sy Inde ary Turquie.

**Gazetiko : Inona no tena mbola sakana tsy handehanan'ny tanora malagasy any ampita?**

**Madajeune :** Mbola sakana tsy andehanana ny tsy fahampian'ny fanampimbaovao azo, satria matetika ny mibahana ao an-tsain'ny ray aman-dreny sy ny mpianatra dia ny resaka arabola. Misy fomba maro hahafahan'ny ankizy mandeha any tsy miankina amin'ny resaka ara-bola. Mila mpianatra mahay, misongadina amin'ny sehatra misy azy, mikarokaroka, satria misy tokoa ireo sekoly ambony manome vatsimpianarana ho an'izay tena mendrika. Tsy tokony hatao sakana ihany koa ny fahaizana fitenim-pirenena iray, ka tokony hianarana dieny mbola misy fotoana ilay izy, fa tsy rehefa hikarakara antontan-taratasy vao hikorapaka.

**Gazetiko : Roapolo taona ny Madajeune, raha oharina tamin'ny taloha manao ahoana ny resaka fanabeazana eto amintsika ?**

**Madajeune** : Hita fa mila fanavaozana sy fanatsarana be ny fanabeazana eto amintsika. Raha ny ambaratonga ambony fotsiny, mihamaro ireo oniversite eto. Hita anefa fa betsaka ny tsy fahampiana traikefa, izay anisan'ny lesoka. Eo ihany koa ny fikarohana sy ny fampiharana. Ny tena olana, lasa mianatra manenjika diplaoma fotsiny ireo mpianatra fa tsy hoe mianatra mba hahay. Rehefa azo ny diplaoma ka miditra anatin'ny asa dia tsy mifanaraka loatra amin'ny diplaoma ananana ny fahaizamanao. Tsy ampy traikefa sy fianarana araka asa ary tokony ho zatra manao asa an-tselika ny mpianatra, ary mikarokaroka mba tsy ho lesona be fotsiny no hianarana. Tsy ho mora mantsy ny fiainana any am-pitandranomasina any ary misy amin'ireo oniversite manaiky mandray mpianatra mitaky ny hiasan'ny mpianatra mba hampiditra vola hahafahany miaina. Natokana ho an'ireo tanora vonona hianatra ary te ho tafita mila tosika sy torolalana no nahatonga anay namorona ny "salon des études" toy izao. Amin'izao fotoana izao, manomboka liana amin'ny fampianarana tsy dia lava loatra fa mahamaika ny mianatra faran'izay haingana dia miditra miasa. Mety noho ny fahasahiranana ka lasa maika mitady vola, ka vao manana licence dia mijanona. Ny olana anefa, sarotsarotra kokoa ny hiverina hianatra rehefa mandray vola.

**Gazetiko : Mihamaro ireo mpikarakara hetsika, inona no tena mampiavaka ny Madajeune ?**

**Madajeune :** Misy lanjany be izany efa 20 taona nikarakarana hetsika mikasika ny fampianarana ambony izany. Raha amin'ireo sekoly mandray anjara fotsiny, anisan'ny betsaka indrindra ireo havondronay amin'ny toerana iray rehefa mikarakara hetsika izahay. Ny fahafaham-po ho an'ireo tanora mpianatra, indrindra fa ireo vao afaka bakalorea, no tanjonay, izany hoe ny hanamaivanana sy hanampiana azy ireo. Miezaka foana isan-taona manatsara sy mikarakara. Mifantoka kokoa amin'ny torohevitra azo anampiana ny mpianatra amin'izay lalampianarana tiany hatao ny asanay. Inona ny tiany hatao aorian'ny bakalorea ary anjaranay ny manome karazan-tsampam-pianarana mifanaraka amin'izay filany izay. Miezaka ny ho matihanina amin'ny lafiny rehetra izahay miaraka amin'ny tolotra vaovao foana. Vita iny ny "salon des études internationales". Hitodika hanampy ireo mpianatra any amin'ny faritra indray izahay ka hisy ny « salon » ao Antsirabe, izay hitohy any Toliara, Mahajanga ary Toamasina. Any amin'ny volana septambra izahay vao miverina eto Antananarivo indray.

**Nath**

Lalao afrikanina 2024

# Efa nandrombaka medaly 7 i Madagasikara

*Misongadina avy hatrany teo amin'ny fibatana fonjamby.*

Manomboka mioty vokatra tsara ny delegasiona malagasy miatrika ny Lalao Afrikanina andiany faha-28, tanterahina atsy Accra Ghana. Ny faran'ny herinandro teo dia nahazo medaly 7 isika, ka ny 6 medaly alimo ary iray volafotsy. Ry zareo teo anivon' ny taranja karate, tamin'ny alalan-dRakotobe Fenosoa, teo amin'ny kumité latsaky ny 50kilao. Notohizan'ny taranja tenisy ambony latabatra izany, ka tsy namelan'i Karen sy Fabio raha tsy norombahiny ny medaly alimo, teo amin'ny sokajy olon-droa miaraka lahy sy vavy. Tsy nijanona teo fa namiratra koa ny solontenantsika ho an'ny Echecs, izay nahazo medaly alimo ny isan-tarika nahitana an'i Aina sy Fy. Efa niditra antsehatra koa ny taranja Tolona sy fibatana fonjamby, ka teo amin'ity farany, dia nahazo medaly volafotsy i Sabrina, nahazo medaly alimo koa i Fabia ka nahatonga ny fitambaran'ny medaly azontsika ho 7 hatreto. Mbola hitohy hatrany amin'ny 24 martsa any moa ity Lalao Afrikanina ity, ka antenaina fa mbola hiampy sy ho tsara hatrany ny vokatra azon'i Madagasikara mandritra izany. Ny asabotsy lasa teo moa no nanaovana ny lanonampanokafana, tsy nitsangamenatra ny delegasiona malagasy, fa mendrika sy sahaza amin'ny lanonampanokafana toy ireny ny fitafiana nanaovan'ny atleta sy ireo mpitarika isankarazany.




Tsy nitsanga-menatra ny delegasiona malagasy hatreto.

**Rabenaivo**

Telozoro Events

# Hampivoatra ny taranja JJB eto Madagasikara no tanjony

Eto am-boalohany aloha dia mamelà ahy ianao hisaotra anao amin'ny anaran' ny Telozoro Events manome sehatra manokana toy izao. Ny anay izany ny tanjona dia tsotra: ny hampivoatra sy hanandratra ny taranja JJB eto Madagasikara. Manana atleta manantalenta maro isika eto Madagasikara kanefa noho ny fahasahiranana ara-bola matetika dia tsy afaka izy ireo miserasera firy amin' ireo kalaza, izay nahatonga azy ireo niditra amin'ny taranja jjb. Izay no mahatonga anay mikarakara an'ity hetsika ity. Izahay mirahalahy, Sensei Radafy Ranaivo sy Sensei Arianala Razafimbola, no namorona ny Telozoro, dia aty Amerika avaratra no mipetraka. Samy manana dojo jjb izahay, ary dia miara-mikarakara sy mandray anjara matetika amin'ireny seminaire ireny erak'i Amerika avaratra. Miserasera matetika amin' ireo kalaza, dia anisan'izany Andriamatoa Royce Gracie. Aty Amerika avaratra no mipetraka ny ankabeazan' ireo kalaza amin'ny taranja jjb. Izahay "Telozoro Events" dia nanao ny fifanatonana mivantana amin'ireo mpanohana any an-toerana. Noho ny fifanajana sy ny fikolokoloana ny fihavanana, dia nanatona ny FMJJ koa izahay satria tsy mety ny hoe hanao zavatra any Madagasikara nefa tsy hanatona azy ireo. Ilay miray hina dia zava-dehibe aminay. Nanatona ny fitondram-panjakana ihany koa (ministeran'ny fanatajahantena) mba hahazoana ny lapan'ny fantanjahan-tena hampiantrano ny hetsika. Isaorana daholo ireo mpanohana ireo. Toy izao no fandaharam-potoana amin' ny fandalovan'i Royce Gracie, Seminera 3 andro no hatao: Voalohany dia ny 23-24 mey, izay fampiofanana sy fizarana traikefa miaraka amin'i Sensei Radafy Ranaivo sy Sensei Arianala Razafimbola. Amin' ny 26 mey indray dia seminera iarahana amin'i Royce Gracie (maraina) ary Martial Arts Exhibition ny hariva. Misy ny fandraisana anjara amin'izany ary hampafantarina tsy ho ela izany. Manentana ny mpanao JJB sy ny haiady "grappling" rehetra hanatrika ity hetsika ity saingy misokatra ho an' ireo mpankafy ny haiady hafa ihany koa. Ny tanjon'ny mpikarakara dia ny hanandratra sy hampivoatra ny haiaady jjb ary manome sehatra an'ireo mpankafy azy ity mba hiseraserana amin'ireo kalaza sy olona avo lenta amin'ny haiady jjb. Ity hetsika voalohany ity dia vato fehizoro, hoy izy mirahalahy, satria dia zava-dehibe aminay ny hoe Andriamatoa Royce Gracie no hoentina voalohany, noho izy nampahafantatra ny haiady jjb eran'izao tontolo izao, ary amin'ny maha zanak i Helio Gracie azy, izay nanangana ny haiady JJB. Vato voalohany ity ary mbola be ny ho avy, hoy ny « Telozoro Events, izay nanome toky ny fandraisany anjara feno amin' ny fampandrosoana ny haiady jjb. Efa tamin'ny taon-dasa (febroary 2023) no efa natomboka ity vina ity raha ny fantatra, tamin'ny fandalovan'i Sensei Arianala Razafimbola, niatrika ilay Seminera jjb niarahana tamin'ny FMJJ.



Hampivoatra ity taranja JJb ity no tanjon'izy mirahalahy ireto .

**Rabenaivo**

Rugby tetsy Andohatapenaka

# Niara-nitankosona tamin'ny mpilalao ny mpitantana sy ny mpitsara ary ny dokotera

« Tsy anaty birao ihany fa ilaina ny mintakosona amin' ny rehetra", hoy i Mirana miandraikitra ny serasera eo anivon'ny Malagasy Rugby. Nohamafisiny fa mahafinaritra ny milalao baolina lavalava, izay anentanany ny rehetra, indrindra ny vehivavy hanao izany. Mahakasika ity taranja ity, hetsika maro no nanamarihan'izy ireo ny andron'ny 8 martsa. Natomboka tamin' ny fiarahana mandihy izany ny maraina, ary "festival" kosa ny tolakandro. Ankoatra an'i Mirana, tazana teny an-kianja koa ry Sissi, Pe sy ny namany, izay niara-nitankosona sy nilalao baolina tamin'ireo mpitsara baolina, ankizy madinika, dokotera ary ny mpilalaon'ny Makis vehivavy. Nambaran'i Andoniaina Herimahefa, izay tomponandraikitra eo anivon' ny vaomiera misahana ny baolim-behivavy, fa feno tanteraka ny fanadaharampotoana tamin'iny andro iny, ka ny maraina dia nisy ny fampianarana ireo ankizivavy latsaky ny 16 taona mahakasika ny fananahana ara-pahasalamana ary ny tolakandro ilay "festival" niarahan'ny rehetra, ka nisy ny fampinarana ny rehetra ny "plaquage", fametrahana baolina hotsaraina sy ny maro hafa. Samy afa-po tamin'ity hetsika ity avokoa moa ny rehetra, izay manantena ny hitohizan'izany, ka tsy hiandry isaky ny 8 martsa ihany vao hanao toy izany. Tonga teny antoerana nanome voninahitra ity lanonana ity moa ny teo anivon'ny Malagasy Rugby, notarihan'ny filohany, Rakotomalala Marcel.

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Anatiny tanteraka amin'izao fotoana izao, ily fifaninana Viva Futbaol Masters.

### Ampy izay !

Andiany faharoa izy ity, izay fifaninanana natokana ho an'ny sokajy zandriny. Samy nanao tsindrom-paingotra avokoa na ny mpikarakara, ny mpanazatra ny Barea sy ny filohan'ny ligin'Analamanga sady filohan'ny CFEM, Tôta, ny manodidina ny fangalaran-taona. Samy niray feo izy rehetra fa tsy mampandroso izany ary tsy mitondra mankaiza. Nampiomana izy ireo fa ho hentitra amin'ny fanasaziana, amin'izay tratra mbola minia manao hosoka. Tongo-bakivaky tokoa izy ity ka sady mahararay no mahamenatra. Ny tena olana, raha eto an-toerana ihany moa mbola azo ihafiana, fa raha ny zava-nitranga tatsy Maorisy ity kosa dia tena mampisitri-belona. Namaly ny fanasana natao tatsy Maorisy ny delegasiona malagasy tamin'izay, notarihan'i Tôta filohan'ny ligin'Analamanga. Rehefa natao, hoy izy, ny fitiliana, tratra nihoatra taona avokoa ireo mpilalao sangany tao amin'ny ekipan'i Madagasikara ary tsy afaka nilalao tamin'izay. Nentiny milazana fa manala-baraka ny toe-javatra toy izany ary tsy ianao mpilalao na ny ray aman-dreniny fa ireo mpitarika ny delegasiona, ary indrindra ny firenena mihitsy no afabaraka. Lasa maimbo ary ny tena loza mety tsy hatokisan'ny firenena any ivelany intsony isika raha mitohy ny toy izany, satria ny an'ny olona dia zavatra ara-dalàna no ataony rehefa mikarakara fifaninanana. Misy dikany tokoa anie ny hanaovana ny famerenana hoe, natokana ho an'ny latsaky ny izao taona ny fifaninanana. Aoka tokoa re izay ilay fitiavana handrombaka amboara, ka hanaovanaovampoana e, tsy mba mahafinaritra ve ny mahazo izany anatin'ny ara-dalàna e !

**Rabenaivo**

Kitra - FC Copain/18 taona

# Norombahin'ny Veteran FC ny amboara sy omby mifahy




Lasan-dry zalahy Veteran FC ireto ny amboara sy ny omby mifahy natolotry ny mpikarakara.

Tontosa omaly tetsy amin'ny kianja Travaux Public Alarobia ny lalao famaranana, tafiditra amin'ny fankalazana ny faha-18 taonan'ny klioba FC Copain. Lalao baolina kitra nolalaovin'olona 7 izany, ka ny Veteran FC avy eny Ampantsakana no nandrombaka ny amboara lehibe sy ny omby mifahy, rehefa nandavo ny 2FC avy eo Alarobia, tamin'ny isa tery 1 no ho 0. Tojo, mpilalao tsy zoviana amin'ny rehetra, no nahatafiditra io isa tokana io teo amin'ny fizaram-potoana voalohany, ka nitondra ny fandresena ho an'ny Veteran Fc. Niady hatramin'ny farany ny lalaon'ny roa tonta ary nampitsanga-mitoetra ireo mpijery baolina tonga marobe. Nisy mihitsy ny fotoana tokony nanasahalan'ny 2FC ny isa, saingy tsy tsy nitsiky ho an-dry Sitraka sy ny namany izany. Afa-po tamin'ny fizotran'ny fifaninanana i Feno, anisan'ireo mpikambana eo anivon'ny FC Copain, satria nizotra antsakany sy andavany ny fifaninanana, izay tsiahivina fa efa tamin'ny novambra no nanomboka. Nahatratra 35 ny isan'ny ekipa nandray anjara tamin'ity. Maro ireo mpilalao kalaza nandray anjara tamin'izany, toa an-dry Gena, Jacquot, Tojo, Lanto sy ry Ando, mpiandry tsatoby. Ny hanehoan'ireo mpilalao ny talentany izay avy any amin'ny sekolin'ny baolina kitra sy ny eny anivon'ny fokontany no tanjona tamin'ity hetsika ity, izay fotoana hahafahany miseho. Toy ny fifaninanana rehetra dia nisy ny fifidianana mpilalao mendrika, ka lasan' i Rija (2FC), lasan'i Tojo (Veteran FC) kosa ny mpamono baolina be indrindra, ary i Lôsy (2FC) no voafidy ho mpiandry tsatoby mendrika.

**Rabenaivo**

Kick - Analamanga

# Lany ho filoha Ramatoa Manirisoa Sabryse

Nahazo filoha vaovao ny eo anivon'ny ligin'Analamanga, taranja Kick-boxing. Nofidian'ireo seksiôna 4 (Avaradrano, Atsimondrano, Ambohidratrimo, Antananarivo Renivohitra), hitantana izany ligy izany Ramatoa Manirisoa Sabryse, izay nahazo vato 4 raha tsy nahazo vato kosa ny kandida Rakotobe Henri mpifaninana taminy. Tonga nanatrika ity fifidianana ity ny solontenan'ny federasiona, Joseph Christian, izay niarahaba ity filoha vaovao ity ary nanamafy ny fahavononan'ny federasiona hanohana hatrany ny ligy. Amin'ny maha-komity ad'hoc anay kosa, dia hiezaka hanohy izay tsy vitan'ny teo aloha nandritra ny 2 taona izahay, hoy ity filoha vaovao ity, izay nanamafy fa hanao ny tsaratsara kokoa ny ekipany mandritra ny 2 taona farany hahavitany ny fe-potoana fiasana. « Betsaka ny paikady fa ny hijerena izay azo anampiana ny seksiôna, izay hikarakara ny fifaninanana eo anivony no asa fohy ezaka miandry ny ligy", hoy Ramatoa Manirisoa. "Ny asa vita no hifampitsarana", hoy izy. Ny vady amanjanany mpanao kick-boxing moa no tena nandrisika azy handray ny fitantanana ity ligy ity.




Tsy vahiny amin'ny tontolon'ny spaoro Ramatoa Manirisoa Sabryce.

**Rabenaivo**

"Pureplay Football League"

# Resin'ny Fosa Juniors 2 no ho 1 ny As Fanalamanga

Nitohy ny faran'ny herinandro teo, ny andro faha-4 amin'ny fifaninanana "Pureplay Football League" (PFL), taranja baolina kitra. Anisan'ny lalao tena nandrasan'ny maro ny fihaonana teo amin'ny Fosa Juniors sy ny As Fanalamanga, natao tany amin'ny kianja Rabemananjara. Ny mpampiantrano no nivoaka mpandresy, tamin'ny isa 2 no ho 1, tamin'ny alalan'ny baolina tafiditr'i Vévé(16mn) sy Raicardo(60mn). Nanatsara hatrany ny toerana misy ny Fosa Juniors ao amin'ny kaonferansa avaratra misy azy iny vokatra azony iny. Teo amin'ny vokatra hafa, resin'ny CFFA Andoharanofotsy, tamin'ny isa 1 no ho 0 ny Disciples FC Vakinankaratra, teny amin'ny kianjan'ny By pass. I Lalaina(69') no nahatafiditra io baolina io, tamin'ny alalan'ny penalty ho an'ny ekipan'i Hery be, izay mpanazatra vaovao ny CFFA. Mitohy hatrany koa ny fahombiazana ho an'ny Inate Fc, izay nahavita nanilika ny Zanakala, tamin'ny isa 2 no ho 1. Ankilany, niondrika tamin'ny isa 0 no ho 1 nanoloana ny Asa Diana ny Uscafoot ary ny Cosfa ihany koa dia mbola resin'ny KFCA, tamin'ny isa 2 noho 0. Toy izany koa ny Dato Fc, izay niondrika tamin'ny isa 0 no ho 1 raha nifanandrina tamin'ny 3FB Toliara.

**Rabenaivo**

## PASI PASI

Tikasoa Nirina

# 39 taona fa mbola miara-milalao Rugby amin'ny zanany vavy 3

*Anarana tsanganana vaovao hoentinay hampahafantarana ireo fianakaviana milona anatin'ny fanatanjahantena ny "Pasi-pasi". Isantarana izany anio ny fianakavian'i Tikasoa Nirina, tsy vahiny amin'ny maro ihany koa i Galapa vadiny.*

***Gazetiko*** : Anaranao feno

***Tikasoa Nirina*** : Tikasoa Nirina

**Gazetiko** : Firy taona dia mbola manao Rugby ve, milalao ao amin'ny klioban' iza ?

***TN*** : 39 taona. Eny mbola milalao ao amin'ny klioban' ny FTF Antomadinika.

***GAZETIKO*** : Nanomboka firy taona no nanao rugby, dia efa voantso ekipampirenena ve ?

***TN*** : 18 taona no nanomboka nilalao rugby. 28 taona no voantso ekipam-pirenena ?

***Gazetiko :*** Inona no toerana manavanana anao eny ambony kianja ?

***TN*** : Kaly n.8 , fa izao efa tena zatra tanteraka ny pillier n.2.

***Gazetiko*** : Firy ny zanakao, iza avy, dia manao Rugby daholo ve ?

***TN :*** 3 vavy ny zanako, dia i Prisca, Monica, Malala. Manao rugby daholo fa i Malala sady manao "lutte" izay tena manavanana azy ?

***Gazetiko*** : Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny Rugby dia tonga de tian-dy zareo ho azy ve ?

***TN*** : Tsy noterena fa efa rà mikorina tonga dia tiana ilay taranja. Tamin'ny fahazazany ary ry zareo tena bedy rehefa tratra milalao rugby miaraka amin'ny ankizilahy.

***Gazetiko*** : Aiza avy ny klioba ilalaovan'ny zanakao sy ny toerany eny ambony kianja?

***TN*** : Miaraka amiko ao amin'ny FTF Antohomadinika i Prisca sy Monica fa any amin AJS mada kosa i Malala no milalao. Toerana ambony kianja, Prisca 3/4aile, Monica 3/4 centre 12 na 13, Malala 8 kaly.

***Gazetiko*** : Iza avy no efa voantso Makis ny zanakao?

***TN*** : Efa samy voantso daholo izy 3 vavy, fa i Monica no tena nilona be sy voantso matetika tamin'izy 3 mirahavavy.

***Gazetiko*** : Efa mananjafikely ve ianao dia efa hampilalaovina Rugby koa ve ?

***TN*** : Ie efa manan-jafikely avy amin'i Prisca sy Malala. Miankina an'ilay zaza fa raha ny fahitako azy ireo dia hilalao koa.

***Gazetiko*** : Ahoana izany hoe miaraka milalao rugby eny ambony kianja ianao sy ny zanakao ?

***TN*** : Tena mahafinaritra ny fiarahanay, tena misy ambiansy.

***Gazetiko :*** Ankoatra ny rugby, inona no fialambolinareo mianakavy ?

***TN*** : Ankoatra ny Rugby dia ny tranja tolona no fialambolinay fa tsy misy ankotra an' izay.

***Gazetiko*** : Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.

***TN*** : Entanina isika rehetra mba hanao sy hankafy ny spaoro, fa indrindra ny tanora rehetra, fa mahafinaritra io sady manampy antsika amin'ny fiainana andavanandro sy mahasalama.



Izy 4 mianaka izay samy mpilalao Rugby avokoa.

**Rabenaivo**

Basket - Youzou Smatchin Orange

# Mety havadika ligy toy ny any Etazonia !

"10 taona ny Smatchin, soso-kevitra omeko anareo, ovay ho ligy toy ny NBA any Etazonia *ny endriky ny fifaninanana*". Io no nambaran'ny filohan'ny FMBB, Ramaroson Jean Michel, ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, nandritra ny lanonampanokafana ny andiany faha-10 amin'ny Youzou Smatchin Orange. Nohamafisiny fa raha 40 ireo mpandray anjara tamin'ity, mifantina ekipa 10 sangany ianareo hifaninana ao anatin'ilay ligy, ka tsy hijanona herinandro toy izao intsony ny fifaninanana fa haharitra ambolana maro. Nisaotra ny FMBB ny Team Smatchin, tamin'ny tolo-kevitra nomeny. Ankotra izay, tsy nanadino nankasitraka ireo rehetra nahatongavana aty amin'ny andiany faha-10 izao izy. Mbola mpianatra moa izy ireo no niketrika izay fomba nentina nitondra anjara biriky hampandrosoana ny basket eny anivon'ny fampianarana ambony. Anisan'ny mpanohana vaovao ity hetsika ity ny Orange Madagascar, izay nisaotra ny ezaka nataon'ny mpikarakara nahatongavana amin'izao. Nanambara sahady ny amin'ny fahafahan'ireo mpianatra misitraka ilay fiofanana ara-teknolojia vaovao moa ny solontenany. Taorian'ny filaharambe nataon'ireo sekoly mpandray anjara dia niditra tamin'ny seho an-tsehatra niarahana tamin'ireo mpanakanto sangany amin'izao ny lanonana. Teo koa ny filatroana nataon'ireo mpifaninana « Miss » sy « Mister ». Mialoha izany rehetra izany, efa nisy lalao nizotra, ka isan'ny nandrasan'ny maro ny fihaonana teo amin'ny UMAGIS, tompon'ny anaram-boninahitra farany, sy ny ESMIA. Ity farany no resy tamin'ny isa 60 no ho 51. Mbola tsy afa-bela izany teto ny ESMIA.

*Tsy nanadino nankasitraka ireo rehetra nahatongavana aty amin'ny andiany faha-10 izao.*

**Rabenaivo**









Nandritra ny lanonm-panokafana tetsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina.

## Sarisary zary tenany

Mitete




## Masoandro Miposaka

**Jeremia 31 : 1**

Amin'izany andro izany, hoy Jehovah, dia ho Andriamanitry ny isam-pianakavian'ny Isiraely Aho, ary izy ho oloko.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

Misy laonka







## Ohabolana



**Fo tezitra, tsy ananan-drariny**

En se mettant en colère, on montre qu'on n'a pas raison.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3194**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 2 | | 7 | | 4 | | |
| 5 | | 1 | | | 6 | | | 7 |
| | | | 3 | | | 2 | | |
| 6 | | | | 8 | | | 1 | |
| | | | | | | | | 6 |
| 8 | | | 7 | | | 3 | | |
| | 6 | | 4 | | | | | |
| 1 | | | | 5 | | 9 | | 4 |
| | | | | | | | 3 | |

Valin'ny laharana **3193**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 5 | 3 | 6 | 9 | 2 | 7 | 4 | 8 |
| 4 | 6 | 8 | 3 | 7 | 1 | 9 | 5 | 2 |
| 9 | 7 | 2 | 5 | 4 | 8 | 3 | 1 | 6 |
| 6 | 3 | 7 | 9 | 8 | 4 | 1 | 2 | 5 |
| 5 | 8 | 9 | 2 | 1 | 3 | 4 | 6 | 7 |
| 2 | 1 | 4 | 7 | 5 | 6 | 8 | 9 | 3 |
| 3 | 4 | 5 | 1 | 2 | 7 | 6 | 8 | 9 |
| 7 | 9 | 1 | 8 | 6 | 5 | 2 | 3 | 4 |
| 8 | 2 | 6 | 4 | 3 | 9 | 5 | 7 | 1 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Aleo mitoetra irery tsy misy hafa manelingelina toy izay manana namana iarahan-dalana, kanefa tsy azo ifaharana! »

**Ny Vetso (12.10.16)**

("La solitude vaut mieux que la mauvaise compagnie")

Tsaralalana

# Ankizy 39 tsy salama nampian'ireo vehivavy mpiasan'ny Star



**Nahazo fitaovana ny hopitaly, ary kojakoja ho an'ireo renim-pianakaviana.**

Toy ny fanaony isan-taona, niavaka ny fanamarihan'ireo vehivavy mpiasan'ny Star ny andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny vehivavy. Teny anivon'ny faritra 16 misy ny Agence na orinasa Star mantsy, nisy fanomezana nozarain'izy ireo ho an'ny sokajin'olona sahirana. Ho an'ny teto Antananarivo manokana, ireo ankizy tsy salama tao amin'ny hopitalin'ny reny sy ny zaza etsy Tsaralalana 39 mianadahy no nomena fanomezana manokana omaly. Efa manohana foana ny CHUMET ny Star fa tamin'ity indray mitoraka ity dia nisy fanomezana manokana avy amin'ireo mpiara-miasa ao amin'ny Star nomena ireo renin-jaza, ankoatra ny fitaovana natolotra ny hopitaly hanamaivanana ny fahasahiranan'ireo zaza marary. Nisy fanomezana ihany koa natolotra ho an'ireo ankizy marary tany amin'ny hopitaly ao Morondava, Antsiranana, Nosy be niampy fampitaovana. Ankoatra ny teto Antananarivo, nisy ihany koa ny fanomezana fitaovam-pianarana, na « kits scolaire » ho an'ny ankizy 200 tany Ihosy sy Ambatolampy. Tao Antsirabe, nizarana kojakoja ilaina amin'ny fiainana andavanandro ireo voafonja vehivavy. Tsy hadino ihany koa anefa ireo akany mitaiza zaza kamboty izay hita any Toliara sy Ambatolampy. Mahatsiaro tomponandraikitra ireto mpiara-miasa amin'ny Star ireto ka ireo sokajon'olona tena marefo eny amin'ny fiaraha-monina no nampian'izy ireo tamin'ity andiany ity ary antenaina ny mbola hitohizan'izany.

**Nath**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola

Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 580 - 03 - 24

Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

## Korzety miaraka amin'ny fromazy

**Zavatra ilaina :** ovy, korzety ary fromazy

**Fomba fikarakarana azy :** Karakaraina aloha ny ovy. Tetehina ary atao manify. Rehefa vita izay dia andrahoina amin'ny rano mahadifotra azy. Andrahoina ho masaka tsara. Eo ampiandrasana an'izany dia karakarao indray ny korzety. Andrahoina manokana ihany koa. Rehefa samy masaka dia potsehina miaraka ireo. Rehefa vita dia rarahana fromazy ary afangaro tsara avy eo. Azo asiana an'ireo karazanjava-maitso hanitra ary potsehina miaraka. Izy vao mafana iny no tena tsara.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**

**09 mars au 15 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

**ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

**PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**AMBULANCE**

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.45 : Salama Va
08.00 : Dessins animés
10.00 : Ankarihary ®
11.00 : Mahery ®
12.00 : Météo
12.10 : Série ®
12.30 : News du 12h30
12.45 : Ny Vaovao
13.00 : A Votre Santé
14.00 : Film Comédie
16.00 : Journal International
16.45 : Full Sport
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : FULL Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Film Action
23.00 : Journal International
23.45 : Film Frisson
02.30 : Magazine
05.00 : Série ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

RECORD TV

05.30 : REVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : MAGAZINE / DOCUMENTAIRE / DESSINS ANIMES / DOCUMENTAIRE / FILM
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
22.00 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

KOLO TV

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.20 : Kolo Ts'Art ®
14.10 : Tables de Mada
14.30 : Zik Zag ®
15.10 : Mozika
16.40 : Smiling Time
17.00 : Flash Info
17.20 : Instafun
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : K-Sport
21.15 : Cinéma
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

VIVA

00.12 : Film
02.00 : Film
03.43 : Christian Music
05.24 : Journal : Viva Évènement VM ®
05.54 : Culte : Tsara Taiza
05.59 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Viva Prod : Viva Futbol Masters ®
07.43 : Série Act Av Po : Série ARROW
08.29 : Série : Série Les Agents du Shield
09.11 : Série : Série Star Wars. The Clone Wars
09.34 : Série : Série Parks and Recreation
10.04 : Film
12.45 : Série k-drama : Série Can we love ®
13.55 : Journal : Flash Actus
14.00 : Viva co Prod : Minut Fihariana ® Je prie pour Madagascar - ELIANDRY 1min36
14.03 : Music : Misy Raha
14.33 : Film
16.20 : Série k-drama : Série Can we love
18.00 : Sport : Top Chrono
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.45 : Série comédie : Série TEE TITANS
19.07 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Évènement VM
20.10 : Viva Prod : Viva Futbol Masters
20.30 : Journal : Viva Évènement VF
20.50 : Film
22.33 : Film
00.21 : Journal : Viva Évènement VM ®
01.01 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

blueline

**09h35 – Nature « Australie : urgences faune sauvage »**
Animaux – canal 74 (option monde)

**12h00 – Animalier : « Rencontre avec les Chimpanzés »**
Nat Geo Wild – canal 79 (option famille)

**14h15 – Série policière : « New York, police judiciaire »**
RTL9 – canal 49 (option divertissement)

**16h05 – Magazine de société : « Parents, un jeu d'enfant »**
Guilli – canal 30 (bouquet découverte)

**18h45 – Jeu : « Duels en familles »**
France 3 – canal 13 (bouquet découverte)

**20h30 – Série : « Les couleurs de la liberté »**
Nina Novelas - canall 42 (option ciné)
Fernando raconte à Umberto le plan qu'il a échafaudé contre Bonifacio. Jurema persuade Afonso de mettre l'argent d'Isabel à la banque...

**22h45 – Football SERIE A : « LAZIO-UDINESE" EN DIRECT**
beIN 2 – canal 62 (option sport)

## TELEFAONINA ILAINA

- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

**ESPACE MEDICAL / SOS Médecins**

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

**CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL**

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

**AROVY CLINIC**

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Quatuor Squad

# Niavaka ny seho nataon'ny tarika tetsy Antanimena




Tsy latsaky ny 25 ny hira nataon'ny Quatuor Squad natolony ny mpankafy tetsy amin'ny CC ESca Antanimena ny asabotsy teo.

Ny tontolon'ny Mozika klasika no tena ahafantarana ny Quatuor Squad. Ankoatra ny hira noforonan' ny mpikambana ao amin'ny tarika dia findramana hiran' ny mpanakanto hafa efa nahazoany alalana no amboarin'izy ireo amin'ny fomba fanaovany azy. Izay mihitsy anefa no tena itiavan'ny olona azy, ka ireo izay mpankafy mozika sy ny hakantony no tena voasarika. Ny asabotsy hariva teo, tetsy amin'ny CC ESCA Antanimena, no nihaona indray tamin'ny mpankfy azy ny tarika Quatuor Squad. Hatrany am-boalohany dia Ravo Raboanarison (violon,) Andry Robison (violon), Hervais Rabarison (Alto) ary Kiady Rakotomalala (violoncelle) no manome Quatuor Squad, ary izy ireo ihany no hita eny ambony sehatra, fa taty aoriana dia nanampy mpitendry gitara sy mpively amponga maro anaka sy zavamaneno hafa ry zareo rehefa miaka-tsehatra. Mikasika ny fampisehoana ny sabotsy teo dia haira manodidina ny 25 no natolotry ny tarika ho an'ny mpankafy. Nisantarany izany ilay hira hoe "Nofy" noforonan'i Rindra Ramily, nanaraka azy avy eo ilay hiran'ny Solika hoe "Mifankatiava ihany". Fa anisan'ny nampisento ny mpankafy kosa ilay hira he "Henika". Fandrotsirotsiana zaza hatory izy io ka tsara ho hain'ny olona rehetra. Anisan'ny hiran'ny mpanakanto hafa nataon'ny tarika ihany koa ny hiran' ny tarika Mahaleo (Raha mila fanampiana), Tsiakoraka (namana), RaK Roots, Jaojoby (Tsy akeo). Nisy moa ny tononkira nozaraina tamin'ity fampisehoana ity ka afaka nihira niaraka tamin'ny mozika ny mpankafy.

**Tiaray R**

Madagascar Espace Ambohimangakely

# Zoma manifika miaraka amin'i Iraimbilanja



Ny tarika Iraimbilanja indray no hampirevy eny Ambohimangakely.

Raha niato kely ny fampisehoana na revirevy faran'ny herinandro niarahana tamin' ireo mpanakanto fanta-daza eto amintsika teny amin'ny Madagascar Espace Ambohimangakely, dia hiverina hampirevy mozika sy hiantoka «ambiance» mafana ho an'ireo mpakafy kanto gasy sy ireo mpamonjy lanonana faran'ny herinandro indray izy ireo. Amin'ity indray mitoraka ity dia ny tarika Iraimbilanja "grand complet" no hitondra revy "rock" ho an'ny mpiondana mozika mavesatra nitety vanim-potoana, tarika tsy zovina amin'ny rehetra intsony satria dia manana ny lanja sy laza ny kanto novoiziny, tsy tonta ny ela ary tsy lefin'ny taona nifandimby ny kanto noforonindry zalahy. Ambohimpihaonan'ny maro araka izany ny zoma 15 martsa 2024 ho avy izao manomboka amin' ny 7 ora hariva ka tsy hifarana raha tsy samy drodroka ny rehetra. Toy ny mahazatra dia misy ny karazana lalao sy fanentanana maro samihafa mampiavaka ity toerana fandraisana lanonana sy fialamboly ity, ka miezaka mitady zava-baovao mahaliana ireo mpamonjy fety faran'ny herinandro ny mpikarakara eny an-toerana. Ho an'ity fotoana iray ity, mialoha ny iakaran'ny tarika Iraimbilanja an-tsehatra dia hisy ny fianarana "dance de salon" miaraka amin'ny Coach DN Evariste, izay azo lazaina fa sady fialamboly no fanatanjahantena natao ho an'ny be sy ny maro, ary tsy anavahana sokajin-taona. Etsy ankilany efa vonona amin' ny zava-pisotro hialana hetaheta sy ny tsakitsaky isan-karazany ny mpikarakara ka antenaina fa hianoka mozika sy revy hafakely amin'io andro io. Ny karatra dia azo jifaina eny amin'ny Mada Hotel 67 ha, Mada Hotel Andavamamba na hiantso ny 034 66 495 45, 033 23 717 18.

**Mamie**

Betongolo (FIZOBE)

# Nahazo solombodiakoho ny fikambanan'ny zokiolona

Tonga nanatitra solombodiakoho sy nihaino ny hetahetan' ireo zokiolona teny amin'ny fokontany Betongolo, boroborintany fahatelo, i Papa Tsilavina Rakotoarisoa tamin'iny herinandro ambony iny. Tamin-kafaliana tanteraka no nandraisan'ny fikambanan'ireo zokiolona ao amin'ny fokontany Betongolo (FIZOBE) azy tamin'izany. "*Sambany teto amin'ny fokontany misy anay no mba nisy olona tsara sitrapo nanatitra solombodiakoho sy nihaino ny hetahetranay tahaka izao ka mahavelom-panantenana* », hoy ny filohan'ny fikambanana (FIZOBE), Atoa Raveloson Alain Guy. Mahatsiaro ho voahilikilika manko izy ireo ary nambaran'ity farany aza fa betsaka ny olona tsy manaiky ny fisian'izy ireo. Nomarihin'ity farany anefa fa tena mijoro ara-dalàna izy ireo. Tsy vitan'ny nitsidika moa ity farany fa nanatitra solombodiakoho ary nihaino ny hetahetan'ireto zokiolona ireto. Nampanantena fa hiezaka hitondra fanampiana araka izay azony atao ihany ko izy ireo. Notsiahiviny fa ao anatin'ny soatoavina malagay ny fanolorana solombodiakoho an'ireo zoky ray aman-dreny, ka izay no antony nanolorany izao fanomezana izao ary ny soa atao levenambola araka ny teny filamatra entiny hatramin'izay.

**Niry R.**



Tamin-kafaliana no nandraisan'ireo zokiolona ny fanomezana avy amin'i Papa Tsilavina Rakotoarisoa.

Disadisa ao amin'ny Zotra E

# Nanome rariny ny orinasa Kofiatra ny "Cour de cassation"

Didim-pitsarana dimy hatreto no nanamafy sy nanome rariny ny orinasa Kofiatra fa azy manokana ny "nom commercial" sy ny "marque commerciale" amin'io Kofiatra io fa tsy itambarana amin'ny hafa. Voalohany, ny didy hitsivolana laharana 9458 navoakan'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany tamin'ny 10 novambra 2020, izay mampahafantatra ny maha ara-dalàna ny orinasa Kofiatra. Faharoa, nohamafisin'ny didy hitsivolana laharana 8315 mitondra ny datin'ny 17 Aogositra 2021 izany ary mbola nohamafisin'ny "Arret" laharana 562 navoakan'ny Cour d'Appel tamin'ny 04 aprily 2022 ihany koa. Fahefatra, nivoaka indray ny didy hitsivolana laharana 291-PPCS/22 mitondra ny datin'ny 24 aogositra 2022 avy amin'ny Fitsarana Tampony rehefa nisy tsy afa-po sy nitaky ny hampitsaharana ireo didy efa nivoaka ireo. Mbola nahazo rariny hatrany ny orinasa Kofitra ary nohamafisin'ny "Arret" laharana 1031 navoakan'ny "Cour de cassation" indray izany tamin'ny 08 aogositra 2023 lasa teo. Tao anatin'ireo fotoana rehetra ireo dia nosoratan'ny tompon'ny orinasa teny amin'ny Ofisy Malagasy misahana ny Fizakamanana ara-Indostria, na OMAPI ny mombamomba io Kofiatra io. Nahazoany taratasy manamarina ny maha azy ireo ny "marque" sy ny "nom commercial" mihitsy izany.

**Mamy R.**



Ireo taxibe ao amin'ny orinasa Kofiatra.




**Le coup d’envoi du programme mentoring Hello Women a été donné le 7 mars. Orange Madagascar mobilise 50 femmes mentors qui vont accompagner 50 jeunes filles pendant 3 mois, pour faciliter leur accès aux métiers techniques et à ceux du numérique.**

orange™

GCL 775/15-2